FAMPAHEREZAM-PANAHY ISAN'ANDRO

LAHARANA 1

January- Febroary- Martsa 2024

# VaovaoMahafaly

ISAN`ANDRO

MAMAIM-POANA

TSY AZO AMIDY
EFA NALOAN'NY
MPIARA-MIOMBON'ANTOKA
TAMINAY ITY FAMPAHEREZAM-PANAHY
ITY KA NOHO IZANY AZO ZARAINA
MAIMAIMPOANA

TOY NY RANO HO AN'NY FANAHY MANGETAHETA, DIA TOY IZANY NY GOODNEWS AVY ANY AN-TANY LAVITRA ( OHABOLANA 25:25 ).

Uebert & BeBe
ANGEL



## UEBERT & BEBE ANGEL

Rehefa mandre ireo teny voalaza etsy ambony, teny fahita eo amin'ny faribolan'ny Kristiana ny ankamaroan'ny olona, dia mirona hihevitra fa Andriamanitra no fiandohana sy fiafarana. Izany no fahatakarana ankapobeny ny soratra masina, kanefa misy zavatra lalina kokoa ao anatin'io andininy fanokafana io. Mety hanontany tena ianao hoe: "Inona no tian`ny lehilahin'Andriamanitra hatongavana?" Araho tsara.



**Apokalyspsy 1:8**
**Izaho no Alfa sy Omega, hoy ny Tompo Andriamanitra, Ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy, dia ny Tsitoha.**

Rehefa mandre ireo teny voalaza etsy ambony, teny fahita eo amin'ny faribolan'ny Kristiana ny ankamaroan'ny olona, dia mirona hihevitra fa Andriamanitra no fiandohana sy fiafarana. Izany no fahatakarana ankapobeny ny soratra masina, kanefa misy zavatra lalina kokoa ao anatin'io andininy fanokafana io. Mety hanontany tena ianao hoe: "Inona no tian`ny lehilahin'Andriamanitra hatongavana?" Araho tsara.

Ny alfa sy omega dia midika hoe "Ilay manomboka avy amin`ny farany alohan'ny hanombohany ny voalohany". Ny Baiboly dia milaza fa Kristy dia nohomboana tamin'ny hazo fijaliana Efa nomena anao ny vola antapitrisa tadiavinao; ny fahasalamanao dia efa notanterahany. Ankehitriny takio ny fananana rehefa mamoaka didy sy fanambarana ara-panahy ianao. Efa nomen'Andriamanitra anao ny zavatra rehetra ary tsy misy zavatra tokony mbola tsy ampy eo amin`ny fiainanao. Hiaina fianana ronono sy tantely ianao amin`ity taona ity. Amin'ny anaran'i Jesosy.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Voatahy amin'ny fitahiana ara-panahy rehetra aho; mandeha amin`ny fahafenoina ny fiainako. Ampy ny zava-tsoa rehetra momba ny fiainana aho, amin'ny anaran'i Jesosy.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Isaia 46:10

**Vonona ve ianao hanomboka ny fanamby famakiana Baiboly mandritry ny 365 andro?**
**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Genesisy 1-3



GoodNews DAILY



**Asan'ny Apostoly 9:3 (KJV)**
**Ary raha nandeha izy, dia tonga teo akaikin'i Damaskosy; ary nisy mazava avy tany an-danitra nanelatrelatra tampoka manodidina azy.**

Ny fiainana dia vokatry ny fihaonana, na amin'Andriamanitra na amin'ny demonia. Ny fihaonana ara-panahy dia Andriamanitra miresaka mivantana aminao amin`ny alalan`ny olona mihaona aminao, na ihany koa amin'ny alalan`ny toe-javatra. Apostoly Paoly dia nanana ny fihaonany manokana rehefa teny an-dalana ho any Damaskosy. Nisy fahazavana namiratra niseho taminy, ary vokatr`izay fihaonana izay dia izy no voatendry ho apostoly goavana indrindra hatramin'izay , hany ka na i Petera aza dia talanjona amin'ny sasany amin`ny lahatsorany. Vokatr`izay fihaonana izay ihany koa dia na ny hafatra fohy nampitan`ny Paoly tamin`ny mpianany aza dia noraketina ho Soratra Masina.

Eo am-pamakianao ity fampaherezam-panahy ity anio, dia mety izao no fihaonanao manokana hitondra fiovana amin`ny taranaka misy anao na ny fiainan`ny olona ao amin'ny fianakavianao. Mety ho olona mifanena aminao anio no fihaonana hanatsimbadika ny fiainanao. Ampiasao ny fihaonana tsara rehetra hanambarana ny fandresenao amin'ny fahavalo. Manana fihaonana amin'ity teny ity sahady ianao, ary azo antoka fa rehefa hivoaka ianao dia hitondra fiantraikany azo tsapain-tanana.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Manana ny fihaonako manokana amin'ny Teny voaraiko androany aho, ary tsy misy mahasakana ahy hiaina fianana ronono sy tantely amin`ity taona ity. Amin'ny anaran'i Jesosy. Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Hebreo 4:12

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Genesisy 4-7



**Joba 22:28 (KJV)**
**Ary raha misy kasainao hatao, dia hotanterahina aminao,Ary hamirapiratra amin'ny làlanao ny mazava.**

Ny teny rehetra aloaky ny vavanao dia miasa ary miandry ny fahatanterahany. Izany no antony maha-zava-dehibe ny fametrahana fitsipika amin'ny teny avoakanao avy amin'ny molotrao. Tadidio fa ny Baiboly mihitsy aza no milaza fa ny fahafatesana sy ny fiainana dia eo amin'ny herin'ny lelanao. Tsy ny aretina na rofy ambaran'ny mpitsabo no resahina fa ny teninao manokana. Atao loha-laharana ny teny lazainao.

Amin'ny fotoana hilazanao hoe "sarotra ny zava-drehetra", hiasa ho anao avy hatrany izany teny izany ka hanasarotra ny fiainanao. Ary tsy hamelany raha tsy tanteraka aminao izany. Ny hany fomba hanafoanana ny teny ratsy dia ny fitenenana zavatra tsara. Mitenena teny manentana ny tontolo rehetra eny, dia ho velona araky ny teny ambaranao ihany koa ianao.

Andro vaovao ny anio; aoka ny teny ampiasanao hanorina fa tsy handrava. Na dia manery anao aza ny fanerena eo amin'ny fiainana, dia tohizo hatrany ny fiteny zavatra tsara. Ianao dia tahin'ny Avo Indrindra, ary tsy hisy fahantrana na aretina hanakaiky ny lainao amin'ny anaran'i Jesosy.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Ny vavako dia penin'ny mpanoratra mahay; ambarako fa ronono sy tantely no iainako amin`ny zavatra rehetra. Eny tokoa, fahasoavana sy famindram-po no hanaraka ahy amin'ny andro rehetra hiainako. Amin'ny anaran'i Jesosy. Voninahitra.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Isaiah 46:10

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ohabolana 18:21



**Salamo 92:12-13**
**Ny marina hamololona tahaka ny rofia;Hisandrahaka tahaka ny sedera any Libanona izy;13Efa nambolena tao an-tranon'i Jehovah izy. Ka maniry eo an-kianjan'Andriamanitsika**

Matanjaka tokoa i Libanona, afaka miatrika ny toetr'andro rehetra. Indraindray ny tafio-drivotra mahery dia mandrava ny firenena ka miteraka fahasimbana goavana amin'ny rafitra sy ny hazo. Maro no hanontany tena hoe fa inona loatra no mahakasika ny hazo rofia any Libanona, ka na ny mpanao salamo aza dia mampitaha ny olo-marina amin'ny hazo rofia any Libanona.

Rehefa mitsoka ny rivotra, dia miondrika fotsiny ny hazo rofia any Libanona ary avy hatrany dia miverina amin'ny toerany. Tsy hoe malemy izy fa noho izy malefaka. Nataon'i Kristy ho olo-marina avy amin'Andriamanitra ianao, ary ny olo-marina dia tahaka ny rofia any Libanona.

Na miteny na manoratra ratsy momba anao aza izy ireo dia hiondrika fotsiny ianao ary hiverina amin'ny toerana misy anao. Tsy afaka hozongozonina na hongotana ianao. Matanjaka sy malefaka tahaka ny rofia any Libanona ianao, ary mafy noho ny faneren'ny fiainana ny fanorenanao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Matanjaka sy miorim-paka ao amin'i Jesosy Kristy aho. Tsy hisy hambinina ny fiadiana voaforona hamelezana ahy. Teraka aho mba handresy sy hiroborobo. Amin'ny anaran'i Jesosy.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Salamo 1:3-4

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 1-5



**Matio 11:11 (KJV)**
**Lazaiko aminareo marina tokoa: Amin'izay nateraky ny vehivavy tsy mbola nisy nitsangana izay lehibe noho Jaona Mpanao-batisa; nefa ny kely indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra dia lehibe noho izy**

Mazava ny Soratra Masina fa amin'izay rehetra tonga talohan'i Jaona dia tsy nisy lehibe noho izy. Mety ho Isaia izany na Josoa na izay mety ho eritreretinao; tsy misy olona nahazo fahasoavana toa an'i Jaona. Niasa tamin'ny haavon'ny fahasoavana sy ny hery manokana izy. Mahagaga anefa fa i Jesosy dia nanohy nilaza fa na dia ny kely indrindra amin'ireo kristiana nateraka indray aza dia lehibe noho i Jaona.

Ry rahalahy sy rahavavy, nanao zava-mahagaga i Jaona, saingy afaka manao fahagagana tsy voatanisa isika. Mandehana miaraka amin'izany fahatongavan-tsaina izany fa jeneraly manana kintana dimin'Andriamanitra ianao, ary afaka manova ny toe-javatra eo amin'ny fiainanao. Mitenena ary maminania eny amin'ny rivotra, dia ho hitanao fa hanaiky ny teninao ny tontolo iainanao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Jeneraly kintana dimy nateraky ny Fanahin'Andriamanitra aho. Manapaka sy manambara aho fa mahatalanjona ny fiainako. Ny lalako dia tarihin'Andriamanitra. Amin'ny anaran'i Jesosy.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Jaona 14:12

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 6-9



**Jakoba 4:7 (KJV)**
**Ka dia maneke an'Andriamanitra hianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy.**

Ny teny hoe devoly dia tsy anarana fotsiny fa fanoritsoritana asa mamaritra ny olona iray izay misisika mandra-pidirany. Ny zavatra voafehin'ny devoly dia ny tsy fiovaovana amin'ny fikatsahany handresy anao. Nandao an'i Jesosy nandritra ny fotoana kelikely fotsiny izy taorian'ny nakany fanahy Azy, ary niverina tamin'ny vanim-potoana hafa izy. Na dia Andriamanitra tao amin'ny nofo aza i Jesosy, dia mbola nanana fahasahiana ihany ny fahavalo nisisika taminy.

Rehefa mamahana ny tenanao amin'ny Teny ianao dia ataovy loha-laharana ny teny ary mivavaha amin'ny Fanahy. Raha manao izany ianao dia hanangana fanoherana amin'ny fahavalo sy hamoaka hery hanoherana ny zana-tsipìka rehetra alefan`ny fahavalo ary hiaina ronono sy tantely amin`ny fiainanao. Manokàna fotoana mianatra ny Teny, mivavaka amin'ny Fanahy, dia ho hitanao fa hiverina tokoa ianao miaraka amin'ny fijoroana vavolombelona. Hiaina fiainana feno fandresena azo antoka amin'ny fahavalo ianao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Manorina ny tenako ao amin'ny finoana masina indrindra aho amin'ny alalan'ny Teny sy ny vavaka. Ny vavako dia manome fiainana, fiadanana ary fanambinana amin'ny anaran'i Jesosy.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Joda 1:20

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 10-13



**Genesisy 1:3 (KJV)**
**Ary Andriamanitra nanao hoe: Misia mazava; dia nisy mazava**

Nanomboka tamin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy dia zavatra iray ihany no nataon'Andriamanitra: niteny Izy! Tsy misy asa ara-batana nataony, fa ny Teny no namoronany ny tany, nandreseny ny ady ary nanovany ny fiainan'ny olona maro. Ireo zavatra hitanao maso ireo, raha manadihady lalindalina kokoa ianao, dia ho hitanao fa niteny teny iray fotsiny Andriamanitra nanorina ireo. Izany no mahatonga an'Andriamanitra hanome lanja ny faminaniana satria ny anjara asan'ny faminaniana dia miteny.

Rehefa nahita ny haizina tao amin'ny bokin'ny Genesisy Andriamanitra, dia tsy nitaraina Izy fa nilaza hoe misia ny mazava. Amin'izao fotoana izao, ampiasao ny vavanao hahazoana ny zavatra rehetra tianao. Vola ve no ilainao, asa, fifanarahana, fitomboana, sa fanambadiana? "Mitenena fotsiny, dia ho tanteraka izany.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Nisafidy ny hampiasa ny vavako amin'ny tokony ho izy aho ary manangana fanjakana amin'ny alalan`ny vavako. Manapaka sy manambara aho fa ronono sy tantely ihany no hiainako amin'ny fiainako. Amin'ny anaran'i Jesosy.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Matio 12:36

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 14-16



**1 Timoty 1:18 (KJV)**
**Izao didy izao no omeko anao, ry Timoty zanako, araka ireo faminaniana natao fahiny ny aminao ireo, mba ho entinao miady ny ady tsara ireo**

Ny faminaniana dia tsy filazana teny avy amin'Andriamanitra fotsiny fa famotsorana fitaovam-piadiana. Nandidy an'i Timoty i Paoly mba hampiasa ny faminaniany manokana hiadiana amin'ny ady tsara. Tsy nilaza taminy izy hampiasa ny fifandraisany, ny fahalalany na ny vatany, fa kosa ampiasa ny faminaniana. Rehefa misy teny ara-paminaniana avoaka aminao amin'ny alalan'ny teny toriana, Soratra Masina, na fivoriam-bavaka, dia fitaovam-piadiana nomena anao izany. Ary ny teny voarainao no fitaovana ampiasanao amin`ny ady.

Lalino lalina ny teny tsara rehetra navototra taminao ary mijoroa amin'izany teny izany entina miady amin'ny fahavalo. Raha nolazaina taminao fa ianao no hanafaka ny fianakavianao, dia tsy afaka manakana anao sy ny fandrosoanao ny fahavalo satria mitondra andraikitra hanafaka taranaka sy fianakaviana iray manontolo ianao. Mandehana ary mandrese amin`ny lafim-piainanao rehetra. Tsy hisy hanakana anao amin'ny anaran'i Jesosy

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mpitondra teny faminanian'Andriamanitra aho. Lehibe izay ato amiko noho izay ao amin'izao tontolo izao. Tsy ho resin'ny fahavalo na ny fanamby aho. Miorina mafy ny fototra misy ahy. Amin'ny anaran'i Jesosy.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Deoteronomia 31:6

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 17-20



**Joela 3:10 (KJV)**
**Tefeo ho sabatra ny fangadinareo, ary ho lefona ny fanetezam-boanareo; Ary aoka ny malemy hanao hoe: Mahery aho.**

Rehefa mijery ny singa fototra ao aminy ianao, dia ho tsapanao fa ny finoana dia tsy inona fa ady hevitra. Ny fahavalo dia hiezaka hanosika anao amin'ny lalany, ary ny adidinao dia ny manohitra ny drafitry ny fahavalo. Mazava ny ambaran`ny Baiboly fa handositra antsika ny devoly rehefa manaiky an'Andriamanitra sy manohitra azy isika.

Ny soratra masina ho antsika androany dia milaza fa aoka ny malemy hanao hoe: mahery aho. Mariho fa tsy nilaza izy hoe aoka ny malemy hiteny hoe mahery aho rehefa mahazo hery fa raha mbola malemy izy dia hanao azy hoe mahery. Fantany fa ny zava-misy dia mampiseho fa osa izy, tsy manankarena na marary, kanefa tokony hifidy ny hanohitra na hiady hevitra amin`ny toe-javatra iainany izy. Androany, tohero ny drafitra ratsy rehetra eo amin'ny fiainanao. Raha toa ka tsy misy vola ny kaontinao ao amin'ny banky, dia lazao fotsiny hoe: "Tonga ny vola amin`ity taonan`ny ronono sy tantely ity!" dia ho tanteraka izany. Aza manaiky ny fahavalo amin'ny toe-javatra rehetra amin'ny fiainanao; Tohero izy. Amin'ny anaran'i Jesosy.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Teraka avy any ambony aho, ary avy amin'Andriamanitra ny loharanoko. Faly aho, ary ny herin'Andriamanitra dia hiseho amin'ny asako, ny fahasalamako ary ny lafiny rehetra amin'ny fiainako amin'ny anaran'i Jesosy.**

**FIANARANA FANAMPINY**
2 Korintiana 4:18

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 21-23



**Matio 8:27 (KJV)**
**Ary talanjona ny olona ka nanao hoe: Lehilahy manao ahoana re lo, fa ny rivotra sy ny ranomasina aza dia manaiky Azy!**

Ny raiko, Pasitera Chris Oyakhilome, dia nanamarina ahy rehefa maro no nanakiana ahy noho ny vola mahagaga mitranga amin`ny fotoam-bavaka ataoko. Tsy takatry ny sain'ny maro ny nino fa ny vola dia afaka miraraka an-tapitrisany toy orana. Ary na dia nanao fahagagana ara-bola i Jesosy antsoina hoe "vola hetra mahagaga", araky ny voalaza ao amin`ny Baiboly vakinao, dia mbola maro no tsy mino fa amin'izao androntsika izao, dia mbola eo amin'ny sehatry ny fanaovana fahagagana ara-bola Andriamanitra. Ao amin'ny Soratra Masina etsy ambony, dia tsy azon'izy ireo hoe karazan`olona manao ahoana i Jesosy satria nanana fehezan-dalàna mifehy ny ranomasina sy ny tafio-drivotra izy.

Nilaza i Pasitera Chris fa ireo rehetra izay manontany momba ny fahagagana ara-bola dia tsy nahatakatra "ny fehezan-dalàna". Tahaka ny fanoratana programa amin'ny solosaina izany; ampidirintsika daholo ny andalana "kaody" rehetra takiana dia azo antoka fa hisy fahagagana hitranga. Anio ianao dia afaka miaina fahagagana tsy takatry ny saina amin'ny anaran'i Jesosy. Izany teny izany, miaraka amin'ny vavaka ataonao, dia hampiditra anao ho any amin'ny faritra misy fehezan-dalàna tsy takatry ny saina izay hiteraka fahagagana miampy fahagagana!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Feno ny Teny aho, ary mora maheno ny fanahiko. Miaina amin'ny fanjakana hafa aho. Ny fahagagana tsy takatry ny saina dia mbola hitranga amin'ny fiainako amin'ny anaran'i Jesosy.**

### FIANARANA FANAMPINY
1 Korintiana 2:14

### FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 24-28



**Asan'ny Apostoly 9:3 (KJV)**
**Ary raha nandeha izy, dia tonga teo akaikin'i Damaskosy; ary nisy mazava avy tany an-danitra nanelatrelatra tampoka manodidina azy**

Ny vavaka dia fifanarahana na zavatra alefanao mialoha anao amin'ny fanatanterahana asa iray. Amin`ny hafa mety ho toy ny teny ambara fotsiny ny vavaka, saingy fitaovana mahery vaika hamolavolana ny hoavy irinao ny vavaka. I Ananiasy, ohatra, dia anisan`ny mpianatry Jesosy tsotsotra teny fa ny vavaka nataony dia nanova ny atmosfera tao Damaskosy, hany ka nahatonga an`i Paoly rehefa niditra tao Damaskosy dia nisy hazavana namirapiratra nampianjera azy. Na dia mpianatra "tsotsotra" aza i Ananiasy, dia niparitaka teo amin'ny habakabaka ny vavaka nataony mba hamandrika ny fandrahonana rehetra momba ny asan'Andriamanitra. Ny vavaka nataony dia iraka nitondra atmosfera vaovao tanteraka.

Manaova vavaka tsy an-kiato, dia ho tanteraka ny teny rehetra ambaranao. Ambarao ny fiainana ronono sy tantely, izay ny fanambinana, ny faharetana, ny fahasalamana ary ny fisondrotana, dia haorina amin'ny anaran'i Jesosy izany. Alefaso any amin'ny indostria sy ny faritany rehetra mbola tsy nandray an`i Jesosy ny vavakao. Tsy malemy izany ianao raha mahay mivavaka. Makà fotoana hanendry ny vavakao dia azo antoka ny fandresenao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Eto am-pelatanako ny ho avy, ary tsy misy mahasakana ahy tsy hahomby. Ny vavaka ataoko dia manao ny asany, manatanteraka ny andraikiny rehetra. Amin'ny anaran'i Jesosy!**

**FIANARANA FANAMPINY**
Jakoba 5:17

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 29-31



**Salamo 119:130 (KJV)**
**Mahazava ny famoahana ny hevitry ny teninaoKa manome fahalalana ho an'ny kely saina.**

Ny endrika fanafahana lehibe indrindra dia ny fahazoana fahalalana amin`ny zavatra nangeja anao. Rehefa miantso ny devoly ho andrianan'ny haizina ny Baiboly, dia tsy araka ny fiheveran'ny maro azy izany. Ny hoe 'andriana' dia midika hoe 'voalohany', ary ny haizina dia midika hoe 'tsy fahalalana', ary midika ara-bakiteny hoe voalohany amin`ny tsi-fahalalana. Rehefa nieritreritra ny hanao fanonganam-panjakana any an-danitra izy dia lasa laharana voalohany amin'ny lisitry ny "vendrana".

Ireo zavatra na toerana rehetra izay tsy fantatrao no toerana ahombiazan'ny devoly sy ny mpiara-dia aminy. Avelao hamirapiratra amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainanao ny Tenin'Andriamanitra. Jereo ny lafiny rehetra tsy nahomby eo amin`ny fiainanao dia omeo toerana ny fahazavan`ny Tenin'Andriamanitra hiditra ao amin`izany dia ho hitanao fa hitondra fanavaozan-tsaina izany.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Nohavaozin'ny Tenin'Andriamanitra ny saiko. Kristy ato amiko no fanantenan`ny voninahitra rehetra. Endriky ny hazavana aho, ary azo antoka fa ahy ny fahombiazana.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Kolosiana 3:10

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Joba 32-34



**Salamo 138:2 (KJV)**
**Hivavaka manandrify ny tempolinao masina aho Ka hidera ny anaranao noho ny famindramponao sy ny fahamarinanao; Fa efa nomenao voninahitra ny teninao ho ambonin'ny anaranao rehetra.**

Rehefa mandeha amin'ny Teny ianao, dia azo antoka fa hiverina miaraka amin'ny fijoroana vavolombelona. Ny ministera antsika dia fantatra amin'ny fanambarana ny Teny mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra. Na dia maminany sy miasa amin'ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy hafa aza isika, dia mbola manantitrantitra ny Tenin'Andriamanitra, izay teny faminaniana azo antoka kokoa.

Araka ny voalazan'ny Soratra Masina, dia nanandratra ny Teniny mihoatra noho ny anarany Andriamanitra. Raha ny marina dia mandinika ny Teniny Izy alohan'ny hanaovany zavatra. Izany no mahatonga ny Tenin'ny Tompo ho fenitry ny zava-mitranga rehetra eto an-tany.

Ny zava-drehetra dia vokatry ny Tenin'Andriamanitra, ary arakaraka ny hidiranao lalina ao amin'ny Tenin'Andriamanitra no hahitanao vaha-olana. Manokàna fotoana hamakiana sy hihainoana ny Tenin'Andriamanitra, dia azo antoka fa hiverina hitondra fijoroana vavolombelona ianao. Aza miala amin'ny Tenin'Andriamanitra; teny faminaniana azo antoka kokoa amin`ny fiainanao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mandeha amin'ny Tenin'Andriamanitra aho, izay teny faminaniana azo antoka kokoa ho an'ny fiainako sy ny fahasalamako ary ny asako. Ny fiainako dia fanehoana ny Tenin'Andriamanitra, ary miaina araka ny sitrapon'Andriamanitra aho amin'ny anaran'i Jesosy**

**FIANARANA FANAMPINY**
Isaia 55:11

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 35-37



GoodNews DAILY



**Lioka 16:13 (KJV)**
**Tsy misy mpanompo mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy mamôna hianareo.**

Zavatra iray ihany no nampitahain'Andriamanitra tamin'ny tenany ao anaty Baiboly. Zavatra iray ihany no nohamafisin'Andriamanitra fa afaka mifaninana aminy, ary tsy devoly izany fa ny VOLA. Ny vola dia tompo; mitady hifehy sy hivavahana. Rehefa mahita anao izy dia mahita lohahevitra iray hofehezina sy hanjakaina. Araka ny voalazan'ny Soratra Masina dia nantsoin'Andriamanitra hoe tompo mihitsy ny vola, ary nohamafisiny fa tsy afaka manompo Azy sy ny vola ianao.

Rehefa mahay mifehy ny vola ianao, dia mora aminao ny manompo an `Andriamanitra. Ahoana no hifehezanao ny vola? Isaky ny manome vola ho an'Andriamanitra ianao na amin'ny asa nanirahany dia milaza amin'ny vola fa misy Mpitarika ambony kokoa mifehy ny vola eo amin`ny fiainanao. Ny fanomezana vola no hany fomba hifehezana ny vola. Na inona na inona asa fanompoana mety ho anjaranao, aza misalasala manome vola, fa io ihany no fomba hifehezana ny vola, ary maro kokoa no ho avy aminao amin'ny sehatra samihafa.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Manana fahefana ara-bola sy mahafehy ny vola aho. Tsy hahantra mihitsy aho amin`ny androm-piainako rehetra ary ankafia ny fiainana ronono sy tantely amin`ity taona ity. Ny volako dia vola manatanteraka iraka. Aleloia!**

**FIANARANA FANAMPINY**
Hagay 2:8

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 38-39



**Lioka 8:2-3 (KJV)**
**mbamin'ny vehivavy sasany, izay nositraniny tamin'ny fanahy ratsy sy ny aretina, dia Maria atao hoe Magdalena, izay efa nivoahan'ny demonia fito, sy Johana, vadin'i Koza, mpitandrina ny fananan'i Heroda, ary Sosana mbamin'ny maro hafa koa, izay nanompo azy tamin'ny fananany.**

Maimaim-poana ny Filazantsara, saingy tsy maimaim-poana ny fitaovana entina hitondrana azy any amin'ny olona. Mitaky vola ny manofa kianja hanaovana fivoriam-bavaka, ny manao pirinty fampaherezam-panahy - na dia zaraina maimaim-poana aza ireny – ary ny mividy fitaovana hitoriana Filazantsara amin'ny olona an-tapitrisany. Izany no tena antony tian'Andriamanitra hanomezanao ny volanao, izay tsy vola fotsiny fa vola manatanteraka iraka. Vola hanatanteraka antso.

Ho avy aminao ny vola araky ny faminaniako, fa tsarovy fa tsy natao hanatanterahana ny fanirianao manokana fa ho an'ny iraka avy amin'Andriamanitra, mba hampandrosoana ny asan'Andriamanitra. Eo am-pamakianao ity fampaherezam-panahy ity dia misy ny fahasoavana mba hampanan-karena anao, kanefa tadidio fa tsy natao ho anao irery ihany ny vola fa ho an'ny asa nanirahan'Andriamanitra. Tahaka ireo vehivavy izay nanompo an'i Jesosy tamin'ny fananany, rehefa ambinina ianao dia tonga any amin`ny firenena maro ny Filazantsara.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Tonga amiko ny vola, ary tsy vola ihany fa vola manana iraka. Mivavaka sy maminany aho fa tsy ho lany harena na vola ianao. Amin'ny anaran'i Jesosy.**

### FIANARANA FANAMPINY
Salamo 2:8

### FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO
Ny soratra masina ho anao anio: Joba 40-42



**2 Korintiana 5:17 (NKJV)**
**Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia zavaboary vaovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo**

Rehefa ao amin'i Kristy ianao dia zavaboary vaovao. Ny teny hoe 'vaovao' dia ny teny grika kainós, izay midika hoe 'tsy mbola nisy hatramin`izay.' Tsy nisy mihitsy ianao taloha. Rehefa miezaka mampahatsiahy ny fahalemenao sy ny tsy fahombiazanao taloha izy ireo, dia ampahafantaro azy fa tsy mbola nisy mihitsy ianao taloha. Zavaboary vaovao eto ambonin'ny tany ianao. Aleloia!

Rehefa mamaky io teny io ianao dia lasa vaovao ny zava-drehetra. Aza avela hampahatsiahy anao ny lasa sy ny fahalemenao izao tontolo izao satria karazana zavaboary vaovao tsy nisy teo aloha ianao.

Tsy anjaranao ny tsy fahombiazana sy ny faharesena satria olom-baovao manana ny ADN an`Andriamanitra ianao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Zavaboary vaovao aho. Tsy misy herin'ny afobe mahasakana ahy amin'ny anaran'i Jesosy. Voninahitra anie ho an'Andriamanitra.**

### FIANARANA FANAMPINY
Efesiana 3:20

### FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO
Ny soratra masina ho anao anio: Genesisy 12-15



**2 Mpanjaka 6:17**
**Ary Elisa nivavaka hoe: Jehovah ô, mifona aminao aho, ampahirato ny masony mba hahitany. Ary Jehovah nampahiratra ny mason'ilay zatovo; ary dia nahita izy, ka, indro, ny tendrombohitra feno soavaly sy kalesy afo manodidina an'i Elisa.**

Ny faritra iray dia sokajiana manana kilasy telo mahazatra: ambany, antonony, ary ambony. Mijanona any amin'ny faritra midadasika ny olona ambany fidiram-bola ary kely dia kely ny trano fonenana raha oharina amin'ny faritra iva. Toy izany koa ny eo amin'ny tontolon`ny fanahy. Tsy mitovy sehatra na karazany isika rehetra. Izany no antony lehibe mahatonga ny fahagagana sy ny zava-mitranga hitantsika ao amin'ny "GoodNews" ho hafahafa amin`ny hafa.

Toerana samihafa mihitsy no nisy ny lehilahin'Andriamanitra sy ny mpanompony. Rehefa nahita fahafatesana mananontanona ny mpanompiny, dia ny lehilahin'Andriamanitra kosa nahita fiarovana sy fiainana avy amin'Andriamanitra. Rehefa mamaky io teny io ianao ary manolo-tena hivavaka, dia mifindra toerana ao amin'ny tontolon`ny fanahy. Ny hazavana miditra ao amin'ny fanahinao no mamindra anao amin`ny ambaratonga hafa. Mifindra avy amin'ny voninahitra mankany amin'ny voninahitra ianao, avy amin`ny faharatsiana ho amin`ny fiainana ronono sy tantely. Amin'ny anaran'i Jesosy.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Manana ny fahazavan'Andriamanitra ato anatiko aho. Iehibe Izay ato amiko noho izay ao amin'izao tontolo izao. Ambony amin'ny zavatra rehetra aho amin'ny herin'ny Fanahy Masina.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Hebreo 12:22

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Genesisy 16-18



**Jaona 1:12 (KJV)**
**Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny heryho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany,**

Misy hevi-diso eo amin'ny fiaraha-monina kristiana ka maro no mino fa mpino ny Kristiana. Na izany aza, araka ny Soratra Masina dia tsy mpino isika fa vokatry ny finoana. Nomen'Andriamanitra hery ho tonga zanak'Andriamanitra izay mino. Ny finoana no dingana voalohany na fepetra takina mba hahatongavana ho zanak'Andriamanitra. Efa nandeha ambonin`ny ambaratongan`ny mpino isika; zanak'Andriamanitra isika ankehitriny.

Zanaka, zanak'Andriamanitra matotra, mahafantatra ny zony sy ny tombontsoa ananany. Tsy mpino intsony ianao fa zanak'Andriamanitra matotra izay manana ny tombontsoa rehetra ao amin'i Jesosy Kristy. Ny fanambinana, ny fahasalaman'Andriamanitra ary ny fahombiazana dia anao avokoa. Manana hery tsy azo resena ianao mba hampisy fiovana amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainanao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Zanak'Andriamanitra matotra aho, ary ahy sy ny fianakaviako ny zava-tsoa rehetra. Manjaka aho anio sy amin'ny andro hafa rehetra. Amin'ny anaran'i Jesosy. Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Romana 8:15-17

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Genesisy 19-21



**2 Korintiana 5:20 (KJV)**
**Koa dia iraka solon'i Kristy izahay, toa an'Andriamanitra mampangataka anay aminareo, solon'i Kristy izahay ka mangataka indrindra aminareo hoe: mihavàna amin'Andriamanitra anie hianareo**

Misy ny toekarena eran-tany izay heverina ho matanjaka indrindra amin'ny lafiny ara-bola sy ny tanjaky ny miaramila. Ny ankamaroan'ny firenena dia hiezaka amin'ny fomba rehetra hanao sonia fifanarahana ary hifanaraka amin'ireo heverina ho goavana mba hahazoany fanampiana na fiarovana amin'ny fotoana ilàna azy. Antsoin'ny Baiboly hoe ambasadaoron'i Kristy isika, izay midika fa tsy avy amin'izao tontolo izao isika fa avy amin'ny toekarena ambony kokoa, dia ny toekarenan`ny Ziona. Rehefa midina ny hafa dia fanandratana ho antsika izany.

Olom-pirenena ao amin'ny Tendrombohitra Ziona isika fa tsy eto amin'izao tontolo izao, ary ao amin'ny Tendrombohitra Ziona dia tsy misy tsy fahampiana. Tsy hanan-java-mahory akory ianao amin'izao fiainana izao sy amin'ny fiainana ho avy. Andriamanitra Rainao no tompon'ny biby fiompy eny amin'ny havoana. Izy dia hanohy hanome izay rehetra ilainao araka ny hareny amin'ny voninahiny.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Olom-pirenen'i Ziona aho; avy any ambony ny famatsiana ahy. Izaho dia izay lazain'Andriamanitra hoe izaho, ary afaka manao izay lazainy fa vitako. Voamarika ho amin'ny fanambinana sy ny fahombiazana aho ankehitriny ary mandrakariva.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Romana 8:19

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Genesisy 22-24



**Salamo 119:130 (KJV)**
**Mahazava ny famoahana ny hevitry ny teninao Ka manome fahalalana ho an'ny kely saina.**

Henoko ny Kristiana sasany mihira hoe ny “kely ny fahazavako” toy ny manambara fa ny fahazavan’Andriamanitra ao anatiny dia afaka tsofin’ny devoly sy ny tafiodrivotry ny fiainana. Tsy misy zavatra kely momba ny fahazavan’Andriamanitra ao anatinao. Milaza ny Baiboly fa mitondra fahazavana ny fidiran’ny Tenin’Andriamanitra. Fantatrao ve fa PHOTIZO ny dikan'ny “mahazava” avy amin`ny teny grika, ary midika hoe fahazavana goavana afaka manazava kianja be iray manontolo. Fantatrao ny vokatra entin`ny fahazavana eo amin`ny kianja; fahazavana hahitanao vitsika mihetsiketsika mandritra ny misasakalina. Hazavana mamirapiratra mampiharihary na dia ny zavatra bitika kely indrindra aza.

Amin’ny alalan’ny Tenin’Andriamanitra, dia manana izany karazana fahazavana izany ao anatinao ianao, ary tsy misy haizina mahatohitra izany karazana hazavana izany ao anatinao. Manana jiro goavana ianao! Mivoaha ary hazavao ny fandraharanao, ny fianakavianao, ny fahasalamanao, ny fanabeazana, ary izay rehetra mahakasika ny fiainanao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Manana ny fahazavan’Andriamanitra ato anatiko aho, ary mamirapiratra. Tsy misy na inona na inona hanafina na hanakana ny fandrosoako amin'ny anaran'i Jesosy! Voninahitra.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Matio 5:14

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masina ho anao anio: Genesisy 25-26



**Matio 5:14 (KJV)**
**Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra.**

Efa voafehin'izao tontolo izao ny rafitra angalana tahaka anao ka hahatonga anao ho tahaka ny olona mahazatra rehetra. Ny tanjony dia ny hahatonga anao eritreritra hoe mitovy amin`ny rehetra. Mety nahavita fianarana tamin`ny sekoly iray izay manana mpianatra miisa roa arivo ianao, ny zavatra tian`ny fahavalo ampita aminao dia ny mampiatsiahy anao fa tsy ianao irery no nahazo diplaoma tao fa misy olon-kafa aman`arivony maro be manana diplaoma mitovy aminao. Mitovy amin'ny olona hafa ianao. Koa inona àry no hampiavaka anao? Ny valiny dia Jesosy, ry rahalahy sy rahavavy.

Ankino sy atolory Aminy ny fiainanao, dia ho hitanao fa Jesosy mihitsy no hitondra fahazavana izay tsy azon'iza na iza afenina. Ianao no fahazavan'izao tontolo izao. Na misy aza ny haizina sy ny fifaninanana ary ny fanakianana dia mbola hamirapiratra ianao. Tsarovy, taonan`ny ronono sy tantely ity taona ity. Aoka izany faminaniana izany no tanteraka eo amin`ny fiainanao ary manaova zavatra goavana. Amin'ny anaran'i Jesosy ihany ianao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Izaho no fahazavan'izao tontolo izao, ka hamirapiratra hatrany. Tsy misy zavatra ratsy afaka manafina ahy amin'ny anaran'i Jesosy.**

**FIANARANA FANAMPINY**
1 Jaona 4:4

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao ho anao anio: Genesisy 27-29



**Eksodosy 9:26 (KJV)**
**Fa tao amin'ny tany Gosena izay nitoeran'ny Zanak'Isiraely ihany no tsy mba nisy havandra.**

Fony tany Egypta ny Zanak'Isiraely dia nitoetra tao amin'ny taniny izay atao hoe tany Gosena. Toerana nosarahan'Andriamanitra mihitsy io ka rehefa nisy haizina tany Ejipta, dia tao Gosena ihany no nisy hazavana. Afaka tamin'ny loza rehetra natrehin'ny Ejipsianina i Gosena. Andriamanitra dia nanome antoka fa ny zanany dia tsy hiaina ny rofy sy ny areti-mandringana tany Egypta.

Natioran'Andriamanitra ny miaro sy mamatsy ny azy. Ny rafitr'izao tontolo izao dia tsy hihazona anao satria ao amin'Andriamanitra ianao, ao amin'ny Gosenanao. Rehefa miresaka momba ny fahaketrahana izao tontolo izao dia aza mandray anjara amin`izany. Vatsiana avy any ambony ianao. Gosena vaovao ny fonenanao, ary mbola hahita ny tana-maherin'Andriamanitra ianao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Tahaka ny hazo ambolena eo amoron-drano aho, tsy ho maina mihitsy satria ampy ho ahy sy ny ankohonako ny fahasoavan'Andriamanitra. Fiainana ronono sy tantely no anjarako. Deraina Andriamanitra**

**FIANARANA FANAMPINY**
Salamo 1:3

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao ho anao anio: Genesisy 30-31



**Efesiana 5:30 (KJV)**
**Fa momba ny tenany sy ny nofony ary ny taolany isika.**

Ny soratra masina hitantsika anio dia milaza fa "rantsan'ny vatany" isika, izay midika hoe tenan'i Jesosy Kristy. Rehefa mahita Kristiana ianao dia mahita ampahany amin'i Jesosy Kristy. Izany no mahatonga antsika mila ny tsirairay mba hahatonga antsika ho "ny Vatan'i Kristy".

Izany koa no nahatonga an'i Saoly rehefa nanenjika ny Fiangonana, dia noraisin'Andriamanitra ho fanafihana ny tenany. Noraisiny ho fanenjehana Azy fa tsy ny mpikambana amin`ny Fiangonana fotsiny.

Isaky ny te hanao zavatra eto an-tany Andriamanitra dia mampiasa anao Izy. Mandeha sy miresaka aminao Izy. Na i nona na inona mikasika anao dia mikasika an`Andriamanitra. Raha lavina ianao amin`ny fifanarahana, asa, na visa, dia tsy ianao no lavina fa Andriamanitra, ary Andriamanitra tsy azo lavina. Azy ny zava-drehetra, ary tsy misy fetrany Izy. Mampiasà fahefana amin'ny zavatra rehetra eo amin'izao tontolo izao, fa zavaboary ambony ianao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mpikambana ao amin'ny tenan'i Jesosy Kristy aho. Jesosy no mandeha eto an-tany amin'ny alalan'ny tenako. Mpandresy aho satria rakotry ny herin`Andriamanitra ny fiainako. Amin'ny anaran'i Jesosy.**

**FIANARANA FANAMPINY**
1 Jaona 2:5

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao ho anao anio: Genesisy 32-34



**Marka 16:15 (KJV)**
**Ary hoy Izy taminy: Mandehana any amin'izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra.**

Rehefa ho tonga amin`ny toerana iray ny mpanjaka dia mandefa ny manodidina azy aloha izy, ny ekipany manokana. Ny fahatongavan`ireo olona ireo no manambara ny fahatongavan'ny mpanjaka. Izaho sy ianao no notendren'Andriamanitra hitory ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra alohan'ny hahatongavan'ny Mpanjaka satria tarihiny manokana isika. Manambara ny fiavian'ny Mpanjakan'ny mpanjaka amin'ny voary rehetra isika.

Tsiahivina fa ny olona alefa mialoha-làlana azy dia mitam-piadiana sy manana fitaovana entiny miatrika izay mety hitranga rehetra.

Efa nomen'Andriamanitra anao ny Teniny sy ny fanomezam-pahasoavany hanatanterahanao ny asany. Mety tsy ho eny amin'ny polipitra ianao no hitory teny, fa na inona na inona ataonao tanteraho izany andraikitra manokana izany. Voahosotra sy natao hanomana mialoha ny fiavian'ny Mpanjakan'ny mpanjaka ianao. Ianao no SOLONTENAN`Andriamanitra.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mpikambana avy amin'Andriamanitra aho. Ny fanosoran'Andriamanitra dia eto amiko mba hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny voary rehetra amin'ny anaran'i Jesosy. Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
2 Korintiana 5:20

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao ho anao anio: Genesisy 35-37



**Asan'ny Apostoly 19:15 (KJV)**
**Ary ny fanahy ratsy namaly ka nanao taminy hoe: Fantatro Jesosy, ary fantatro koa Paoly; fa mba iza kosa moa hianareo?**

Rehefa maka sary an-tsaina ny tontolo ara-panahy ianao, inona no hitanao? Ny tontolo ara-panahy dia tontolo iray, fa tsy rivotra fotsiny, araka ny fiheveran'ny maro. Faritra misy fiainana, zavatra azo tsapain-tanana ary traikefa tena izy. Tena misy kokoa noho ny tontolo azo tsapain-tanana ny tontolo ara-panahy. Rehefa afaka mifehy ny tontolo ara-panahy ianao dia afaka mifehy ny zava-drehetra amin'ny tontolo voajanahary, satria ny ara-panahy no mifehy ny voajanahary. Amin'ny teny hafa, ny voajanahary dia vokatry ny ara-panahy.

Nahafantatra an'i Jesosy sy Paoly ireo demonia. Ny zanak'i Skeva dia fantatry ny olona loatra ary tsy nanana tombam-bidy tao amin'ny fanahy ka na ny demonia aza dia tsy nahafantatra azy ireo. Tahaka ny olona nandeha teto ambonin'ny tany fotsiny izy ireo. Mpitarika fiangonana ny rain'izy ireo, saingy tsy nanan-danja tao amin'ny tontolon`ny fanahy izy ireo. Mampatsiahy antsika izany fa tsy miankina amin`ny olona mifandray aminao ny tombam-bidinao ara-panany fa miankina aminao.
Ankehitriny, dia misafidiana ny hanana tombam-bidy ao amin'ny fanahy amin'ny alalan'ny fandalinana ny Tenin'Andriamanitra sy ny vavaka.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mitondraka ny fiainako ny Teny. Lehibe aho ao amin'ny fanahy. Ny fiainako dia fiainana feno fandresena sy fahombiazana amin'ny anaran'i Jesosy. Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Marka 16:18

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao ho anao anio: Genesisy 38-40



**Genesisy 1:3 (KJV)**
**Ary Andriamanitra nanao hoe: Misia mazava; dia nisy mazava.**

Ny "Sonoluminescence" dia trangan-javatra iray amin'ny fizika izay manaporofo ara-tsiansa fa ny feo dia mamoaka angovo izay mamokatra hazavana. Teknôlôjia noharian'Andriamanitra io ka rehefa niteny Izy dia namoaka onjam-peo, ary ireo onjam-peo ireo dia namokatra hazavana. Rehefa nahary anao araka ny endriny Izy, dia nomeny fahaizana mitovy amin'izany koa ianao mba hamoahanao hazavana rehefa miteny. Fantaro fa rehefa miteny ianao, dia mamoaka feo avy ao anatinao, ary avy eo maneho na mitondra izany aty ivelany. Toy izany koa ny eo amin'ny lafiny ara-panahy.

Hoy ny Baiboly: "Mahazava ny famoahana ny hevitry ny teninao!" Noho izany, mba hamoahanao hazavana ety ivelany dia tsy maintsy miditra ao aminao aloha ny hazavana. Ny Soratra Masina dia milaza amintsika fa ny fidiran'ny Tenin'Andriamanitra no mitondra fahazavana ao anatinao. Raha lazaina amin'ny teny hafa, ao amin'ny tontolon`ny Fanahy, ny teny dia refesina amin'ny alalan'ny hazavana. Miteny amin'ny alalan'ny famoahana hazavana isika. Noho izany, ny habetsaky ny hazavana anananao no mamaritra ny habetsahan'ny voambolana azonao lazaina ao amin'ny Fanahy. Alaharo isan'andro ny voambolanao amin'ny alalan'ny filomanisanao ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Rehefa miteny ianao dia fantaro fa miova ho ronono sy tantely ny zava-drehetra momba ny fiainanao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mitombo ny fahazavako, ary noho ny herin'ny Teny ao anatiko, dia mamoaka hazavana ao amin'ny fahasalamako, ny volako, ny fianakaviako aho ary manova ny toe-java-dratsy rehetra manodidina ahy hanasoa ahy!**

**FIANARANA FANAMPINY**
Salamo 119:130

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao ho anao anio: Genesisy 41-42



**2 Korintiana 5:14 (KJV)**
**Fa ny fitiavan'i Kristy no manery anay, satria izao no hevitray: maty ny Anankiray hamonjy ny olona rehetra, ka dia maty koa izy rehetra**

Misy zavatra tokony hotahafin'ny Kristiana tsirairay mahakasika ny fomba fisainan'ny mpivaro-tena. Mety tahakan`ny fahadalana izany fa hazavaiko. Efa tsikaritrao ve ny fomba ataon'ny mpivaro-tena iray fa ataony azo antoka foana fa mibaribary ny vokatra amidiny mba hahafantaran'ny mpanjifa rehetra izay amidiny? Voatery manao izany izy satria fantany ny hasarobidin'ny vokatra omeny, ary fantany fa izy ihany no olona tsara indrindra afaka mampiroborobo izany amin`ny olona kendreny. Tanjona iray ihany ny azy, dia ny hampiroborobo ny vokatra entiny. Na inona na inona mety ho toetr'andro, na avy ny orana sy ny kotroka, dia tsy hanakana azy hivarotra ny tenany izany. Ankoatra izany, raha tsy mahasarika ny mpanjifa tiany izy dia mitady zoro hafa.

**Mifidy ny handeha amim-pinoana amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainako aho! Rehefa mihinana bebe kokoa ny Tenin'Andriamanitra aho, dia miangona ato anatiko ny finoana, Amin'ny Anara-maherin`i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Jakoba 2:26

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Levitikosy 16-18



**2 Korintiana 12:4**
**fa nakarina ho any Paradisa izy ka nandre teny tsy azo tenenina sady tsy tokony holazain'olona.**

Misy tontolo iray izay ahafahan'ny olona mandray ny fanatrehan'Andriamanitra sy miaina zavatra mihoatra noho ny olona amin`ny ankapobeny. Afaka ny ho lalina kokoa noho izy ireo ianao amin'ny faminaniana na amin'ny fanasitranana mihitsy aza, fa eo imason'ny Ray dia manana fanahy ambony noho ianao izy ireo! Notantarain'i Paoly ny zavatra niainany tany an-danitra tamin'ny filazana fa nandre teny tsy afaka nozarainy izy. Ireo olona manana fanahy ambony dia mandre zava-miafina avy amin'ny tontolo hafa!

Misy refy tsy azo ambara raha tsy amin'ny vavan'ny olona manana fanahy ambony! Na dia tsy hajain`ny maro aza izy ireo, dia hajain'Andriamanitra. Ireo lehilahy sy vehivavy ireo dia famantarana ny fisian'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Kristianisma irery ihany!

Efa nataon'Andriamanitra lelafo ny mpanompony! Ny fepetra takiana amin'ny maha-fanahy ambony dia ny afo. Midika izany fa ny antony mahatonga ny fahavalonao afaka mandrava anao dia noho ny tsy fahampian'ny afo! Ny afon'Andriamanitra dia teraka amin'ny alalan'ny fifampiresahana amin'ny Mpanjakan'ny Mpanjaka sy ny fanokanana fotoana hanarahana ny Teniny amin`ny fo. Alaivo sary an-tsaina ny hery hananao raha fantatrao fotsiny fa misy afo ilaina ao aminao, ary rehefa mampiantrano ny afon'Andriamanitra ao anatinao ianao dia ho lasa fanahy ambony!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Tazoniko ato anatiko ny afon'Andriamanitra! Famantarana an'i Kristy ny fiainako! Izaho dia ivon'ny fanatrehan'Andriamanitra. Amin'ny Anara-maherin`i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Hebreo 1:7

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Levitikosy 19-21



**Salamo 105:15 (KJV)**
**Aza manendry ireo voahosotro,Ary aza manisy ratsy ireo mpaminaniko.**

Ny zava-misy ara-panahy dia mifototra amin'ny fahaizanao mahatsapa ny hosotra! Misy fomba iray ahafahan'ny jeneraly sy ny fahazavana rehetra ao amin'ny fanahy hahita ny toerana misy ny hosotra. Ny ankamaroan'ny olona dia tsy mahalala akory fa afaka tsapaina ny hosotra. Noho izany antony izany, ny ankamaroan'ny tsy fahombiazana eo amin'ny fiainanao dia azo lazaina noho ny tsy fanekena ny fanosoran`ny olona nirahin'Andriamanitra hanampy anao.

Rehefa manohy ny fiainanao ao amin'i Kristy ianao, dia tena ilaina ny manaja sy mahatsapa ny fanosorana izay notendren'Andriamanitra ho fahefana eo aminao. Ao amin'ny Baiboly, isika dia mahita demonia iray voatery nitory rehefa nandalo i Paoly noho ny hery mahery nananan'ny apostoly tao anatiny. Midika izany fa na ny devoly aza dia afaka maheno, mahatsapa sy mikasika ny hosotra.

Aza avela hibaiko ny fiainanao ny tenin'ny hafa! Indrindra raha mifanohitra amin'izay lazain'Andriamanitra momba ny fiainanao. Mety ny lehibenao, ny mpampianatra, na ny mpiara-miasa aminao no mampijaly anao noho ny antony tsy fantatrao, fa noho ny hosotra tsapany ao anatinao no mahatonga azy manao izany aminao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mifidy ny hamantatra ny olona nirahin'Andriamanitra hanampy ahy aho! Efa nomena ny fanahin'ny fahalalana aho; Tsy hiantehitra amin'iza na iza aho vao afaka hahatsapa ny fanosoran'Andriamanitra, amin'ny Anara-maherin`i Jesosy!**

**FIANARANA FANAMPINY**
1 Jaona 2:20

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Levitikosy 22-23



**Jaona 3:16 (KJV)**
**Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.**

Inona no nahatonga an'Andriamanitra nandao ny lanitra mba hamela anao? Nahoana no nisafidy ny ho tonga vatan'olombelona, tonga "embryon"izy, niandry sivy volana tao am-bohoka ary maty teo amin'ny hazo fijaliana ihany tamin'ny farany? Ny antony dia te hamela heloka ny zanany Izy. Tsapanao ve fa naka ny endriky ny mpanompo Andriamanitra ary nanaisotra ny maha-Andriamanitra Azy mba hahatongavany eto an-tany hamela heloka anao!

Nahoana ny devoly no tsy mbola nibebaka mandraka androany, nefa izy no lazaina tena manan-tsaina. Heverinao ve fa mbola tsy nanao kajy ny zavatra miandry azy ny devoly ankehitriny? Ny antony dia satria ny fanahy dia tsy afaka mamela heloka! Eo imason'ny fanahy, ny famelan-keloka dia tsy ho tanteraka raha tsy misy fahafatesana. Izany no antony tsy maintsy nanirahan'Andriamanitra ny Zanany, Jesosy Kristy, tonga ho faty ho anao mba hahazoanao famelan-keloka!

Mariho ao amin'ny Baiboly fa ny eritreritry ny devoly no nahatonga azy nesorina tany an-danitra. Tsy nanatanteraka akory ny zavatra noeritreretiny izy! Halan'ny devoly ianao satria manota isan'andro, kanefa mbola tia sy mamela anao foana Andriamanitra!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Voavela ny fahotako rehetra; Nandefa ny Zanany Andriamanitra mba hahazoako famelan-keloka sy fiainana ronono sy tantely. Voninahitra anie ho an'Andriamanitra. Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Salamo 86:5

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Levitikosy 24-25



**2 Timoty 3:16 (KJV)**
**Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana,**

Zavatra roa samy hafa ny vola sy ny lelam-bola. Ny lelam-bola no mandrefy ny sandan'ny fifanakalozana, ny vola kosa no mifehy azy rehetra. Ankehitriny, tsy misy zavatra manome tombam-bidin`ny vola. Ny lelam-bola nampiasain'ny rehetra (dollar) taloha dia mihena ny tombam-bidiny! Taloha ny volamena no nanome tombam-bidin`ny vola, fa ankehitriny kosa dia ny tenintsika no manome tombam-bidiny azy! Midika izany fa ny vola dia azo baikoina sy fehezin'ny herin'ny teninao! Ny Kristiana tsirairay dia nandray lova araka an'Andriamanitra tao amin'i Kristy Jesosy, izany hoe amin'ny maha-zanak'Andriamanitra azy, ny fahantrana dia tsy manan-tsafidy afa-tsy ny miala!

Ny lelam-bola dia tokony azo entina, mateza ary azo zaraina. Rehefa mampitombo ny sandanao ianao dia misy vola bebe kokoa hanamarina izany sanda izany. Mazotoa mamaky ny Tenin'Andriamanitra, araka ny nolazain'ny Baiboly fa mahasoa amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainanao ny famakiana ny Teny. Andriamanitra dia Andriamanitra mampitombo; Tsy afaka mampitombo na inona na inona amin'ny aotra izy. Tsy maintsy mamorona lanja ao anatinao ianao mba hampiasain'Andriamanitra anao sy hampitombony anao. Safidio ny hifaneraseranao amin'ireo olona mitovy saina izay tsy mandrava fa manome lanja ny fiainanao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Tonga aty amiko ny vola! Ny volako dia hitombo be! Ireo izay nanambany ahy, dia hanandratra ny fiainana ronono sy tantely iainako, Amin'ny Anara-maherin`i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Jaona 10:10

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Levitikosy 26-27



**Jaona 14:30 (KJV)**
**Tsy hilaza zavatra maro aminareo intsony Aho; fa avy ny andrianan'izao tontolo izao, nefa tsy manana na inona na inona ato amiko izy.**

Ny olana amin'ny olona eto an-tany ankehitriny dia ny tsy fahatsapany fa ny olona rehetra dia mamoaka angovo! Tsy misy fomba hidiran'ny fitaoman-demonia eo amin'ny fiainanao raha tsy mamoaka zavatra manintona azy ianao. Nahita ny devoly Jesosy ary nilaza fa tsy misy zavatra na iray aza hananan`ireo devoly ireo tao taminy! Raha lazaina amin'ny teny hafa, maro ny olona tafihan'ny devoly noho ny fahitany ny toetrany avy ao anatin`ilay olona.

Hitan'ny mpahay siansa vao haingana fa ny hazavana sy ny fitaovana dia miara-miombon'antoka, satria tsy afaka manana hazavana ianao raha tsy misy zavatra hamohana azy. Ity hevitra momba ny antony sy ny vokany ity dia mampiseho fa ny antony maha-toy izao anao dia vokatry ny zavatra roa mifampiankina sy mifamaly!

Ny antony itakian'Andriamanitra ny fahamasinana dia satria ny fahamasinana dia manakana izay rehetra mety manintona ny devoly! Amin'ny maha-zanak'Andriamanitra anao dia aza manaiky ny toetran'ny devoly eo amin'ny fiainanao. Aza manaiky ny aretina, ny fahantrana na ny fahatezerana. Avelao ny antsonao hanosika anao sy hitantana ny fiainanao mba hahatonga anao tsy hahitana zavatra hahafahan`ny devoly miditra ao aminao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Tsy manana toetran'ny devoly mihitsy aho ato anatiko! Maneho taratra ny fahatsaran'Andriamanitra amin'izay rehetra ataoko aho; masina sy voatokana aho. Ny antsoko ihany no ifantohako, Amin'ny anara-maherin`i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Romana 8:29

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 1-2



**Galatiana 2:20 (KJV)**
**Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazofijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin' ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy**

Amin'ny maha-zanak'Andriamanitra anao, dia nohomboana niaraka tamin'i Kristy tamin'ny hazo fijaliana ianao! Raha maty ao amin'ny nofo ianao, dia tsy ianao intsony no velona, fa Kristy no velona sy miaina ao anatinao. Midika izany fa ny Baiboly dia milaza ara-bakiteny rehefa mahita anao izy ireo dia mahita an'i Kristy! Raha vao azonao io foto-kevitra io ary mihetsika miaraka amin'ny maha-izy anao ao amin'i Kristy ianao, dia tsy manao fahadisoana intsony! Tsy misy na inona na inona atao hoe aretina na fahantrana satria tsy hahitana izany ao amin`i Jesosy. Ireo izay efa maty ao amin`ny ara-nofo dia tsy miraharaha izay eritreretin'ny hafa!

Rehefa miaina fiainana voahombo ianao dia tsy maintsy manombo ny nofo isan'andro! Ny nofo dia manana filan'ny tenany mila ravana; vonoy ny filan'ny nofo alohan'ny hamonoany anao. Amin'ny maha-Kristiana anao, Andriamanitra dia nanao sy nahary anao hitovy amin'i Kristy. Mandehana amin'izany fahatongavan-tsaina izany, dia hanao asa lehibe ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra ianao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Miaina fiainana voahombo aho! Efa maty amin'ny nofo aho ary velona amin'ny alalan'i Jesosy Kristy! TSY misy aretina afaka hanimba ahy. Ny fanirian'ny nofo rehetra dia efa nalevina, Amin'ny Anara-maherin`i Jesosy! Amena.**

### FIANARANA FANAMPINY
Romana 8:13

### FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO
Ny soratra masinao anio: Nomery 3-4



**Marka 16:17 (NKJ)**
**Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy**

Ny kristiana tsirairay dia nomena fahefana ho matianina amin`ny fandravana demonia! Na dia nomen'Andriamanitra hery handroaka devoly amin'ny anarany aza isika, dia mbola misy kristiana ampijalin'ny aretina sy ny olana. Ny antony dia satria betsaka ny kristiana no mampiasa ny anaran'Andriamanitra fa tsy ny toetrany. Ny teny "anarana" dia azo amin`ny dikan-teny fototra "ónoma", ary midika hoe toetra.

Ny Baiboly dia miresaka momba ny zanaka mpisoronabe Jiosy izay fito lahy, rehefa nanandrana namoaka demonia tamin'ny anaran'i Jesosy, dia tsy nahavoaroka azy ireo! Tsy nanana ny toetran'i Jesosy izy ireo hanohana izay nolazainy. Aza manaiky ho resin'ny hafetsen'ny devoly na mamela ny devoly hiditra eo amin'ny fiainanao. Voasoratra ao amin`ny Baiboly fa Andriamanitra dia nanome anao fahefana amin'ny fanahy ratsy rehetra sy fahefana hanitsaka menarana. Misafidiana ny handeha amin'ny toetran'i Kristy amin'ny zavatra rehetra ataonao. Ampifantohy amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra ny sainao mba hitovy kokoa amin'i Kristy. Rehefa maneho ny toetran'i Jesosy ianao dia tsy misy na inona na inona hanimba anao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**IZAHO dia MATIANINA AMIN`NY FANDRAVANA DEMONIA! Tsy hanisy ratsy ahy na hamitaka ahy ny fitaky ny devoly. Laviko ny aretina; Manana hery handresy ny zavatra rehetra aho ary tsy hisy afaka handratra ahy. Amin'ny anara-maherin`i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Lioka 10:19

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 5-6



**Hebreo 12:22**
**Fa hianareo kosa efa mby eo an-tendrombohitra Ziona, tanànan'Andriamanitra velona, dia Jerosalema any an-danitra, ary ho ao amin'ny anjely tsy omby alinalina.**

Rehefa tsy misokatra amin'ny tontolo ara-panahy ny masonao, dia manome toerana ny olana hiditra eo amin'ny fiainanao. Amin'ny maha-Kristiana anao, ny fahitana anjely dia tokony ho traikefa mahazatra eo amin'ny fiainanao! Rehefa mandinika ny fiasan'ny maso ianao, ny fahitanao dia miankina amin'ny taratra hazavana hita taratra avy amin'ny zavatra iray izay miditra amin'ny maso amin'ny alàlan'ny "cornée" (ny sosona ivelany mazava manarona ny maso), avy eo ny habetsaky ny hazavana dia amboarin'ny "pupille" ary farany, misy famantarana mihoatra ny 125 hapitrisa alefa ao amin'ny temimaso, ahafahanao mahita. Alao sary an-tsaina fotsiny fa miankina amin'ny hazavana miditra amin'ny masonao ny fahitanao!

Milaza amintsika ny Baiboly fa manome hazavana ny fidiran'ny Tenin'Andriamanitra. Midika izany fa raha te hahita anjely ianao dia mila mamaky andinin-teny momba ny anjely mba hidiran'ny fahazavan'ny anjely ka hahafahanao mahita azy ireo! Noharian`Andriamanitra ny anjely hanampy anao! Rehefa avelanao tsy tapaka hiditra ao aminao ny fahazavan'ny anjely, dia ho zava-mitranga isan'andro eo amin`ny fiainanao ny fahitana anjely!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mahita anjely aho na aiza na aiza alehako! Raha mbola mijoro eto aho izao, dia misy anjely tsy tambo isaina miaraka amiko! Rehefa mamaky ny Baiboliko aho, dia miditra ao amiko ny fahazavana, Amin'ny Anara-maherin`i Jesosy! Aleloia.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Salamo 119:130

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 7



**Apokalypsy 1:10 (KJV)**
**Voatsindrin'ny Fanahy tamin'ny Andron'ny Tompo aho ka nahare feo mahery teo ivohoko, toy ny feon'ny trompetra.**

Sarotra ny mitoetra ao amin'ny Fanahy raha tsy manana fifandraisana mivantana amin'ny Tompo. Be loatra ny Kristiana tsy mandre ny feon'Andriamanitra, ka mampiasa ny teniny manokana sy ny feony ary ny sainy ho 'feon'Andriamanitra'. Hitanao ohatra hoe rehefa mitady asa izy ka tsy voaray dia hiteny hoe tsy avy amin`Andriamanitra ilay asa, ka rehefa voaray indray dia hilaza fa izany no sitrapon`Andriamanitra! Milaza ny Baiboly fa ny fanjakan`Andriamanitra dia tsy avy amin'ny fandinihana fotsiny. Tsy midika akory hoe miankina amin`ny toe-javatra iray no hamaritana fa niteny Andriamanitra na tsia. Mianara hotarihin'ny Fanahin'Andriamanitra. Mianara mandeha sy miasa ao amin'ny Fanahy.

Aza manahaka ireo izay miantso ny fahitany sy faniriany ho faminaniana. Aoka ny fahitan`Andriamanitra sy ny faniriany ho anao no faminanianao. Manana iraka eo amin'ny fiainanao izay mila raisinao amim-pahamatorana ianao. Koa aza manaiky hotarihin'ny feon'ny hafa, indrindra fa ireo avy amin'izao tontolo izao. Aoka ianao hanana fifehezana ampy hihainoana ny feon'ny Fanahin'Andriamanitra, ary avelao Andriamanitra hitarika anao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mandre ny feon'ny Fanahin'Andriamanitra aho; tsy misy toe-javatra mety hampisavoritaka ahy! Ny fanapahan-kevitra rehetra raisiko dia tarihin'ny Fanahin'ny Tompo tanteraka. Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Salamo 143:10

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 8-9



**1 Jaona 5:4 (KJV)**
**Fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika.**

Ny kristiana tsirairay dia tokony handeha amin'ny fomba fisainana mandresy. Ny hevitra toy ny tsy fahombiazana dia tokony ho vahiny ao an-tsainao. Ny olona manana fitaovam-piadiana mahery vaika indrindra eto an-tany kanefa tsy mahalala ny fomba fampiasana azy no olona malemy indrindra eto an-tany. Toy izany ny ankamaroan`ny zanak'Andriamanitra, kanefa dia efa naharesy izao tontolo izao izy ireo!

Milaza ny Baiboly fa tsy hoe tsy mahalala ny fitaovan'ny devoly isika. Tsy manana fahefana aminao mihitsy izy amin'ny maha-zanaky ny Tompo anao. Tsy mbola voaforona akory ny fitaovam-piadiana mahery vaika handravana anao! Zanaky ny MPANJAKA ianao!

Na inona na inona ataonao androany dia misy fanafodiny ao anatin'ny Tenin'Andriamanitra! Izay rehetra miady aminao dia efa resy. Efa tonga mpandresy ao amin'i Kristy ianao; amin'ny maha-zanak'Andriamanitra anao dia lovanao ny fandresena! Aoka ianao tsy hanome toerana ny tsy fahombiazana ao an-tsainao! Manàna toe-tsaina mandresy amin'ny zavatra rehetra ataonao, fisainana ronono sy tantely ; dia ho hitanao ny fiovan'ny fiainanao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Izaho dia mpandresy ao amin'i Kristy Jesosy! Tsy misy vokany amiko sy ny fianakaviako ny fahafatesana, ny aretina na ny fitaovana ampiasan'ny devoly! Amin'ity taona ity, hiaina fandresena tsy takatry ny saina aho, amin'ny Anara-maherin`i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Deoteronomia 20:4

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 10-11



**Jaona 10:34 (KJV)**
**Jesosy namaly azy hoe: Tsy voasoratra ao amin'ny lalànareo va hoe: „Hoy Izaho: Andriamanitra hianareo"? (Sal. 82.6)**

Andriamanitra dia mifandray amin'andriamanitra ihany! Izany no nahatonga an'Andriamanitra nangina foana hatrizay; Tsy nanana olona hafa hifandraisana izy. Na dia mijery ny andriamanitr'izao tontolo izao aza ianao (ny devoly), ao amin`ny bokin'ny Genesisy iray manontolo dia tsy mahita azy miresaka mihitsy isika raha tsy tamin`i Adama! Midika izany fa I Adama dia maneho an'Andriamanitra! Rehefa manomboka miditra lalina kokoa ao amin'i Kristy ianao, dia mila misafidy tsara izay avelanao hiditra ao aminao. Ataovy azo antoka fa takatr'ireo manodidina anao ny haavon'ny fanambarana azonao sy ny lalana nolalovanao ao amin'ny fanahy izay nahafahanao tonga tamin'ny toerana misy anao ankehitriny.

Amin'ny maha-andriamanitra anao dia mila takatrao hoe iza ianao! Mampalahelo fa ankehitriny rehefa mandeha any amin'ny fasana ny olona dia mahita fasan'ny Silamo, Hindoa ary Kristiana mifanakaiky. Ny antony dia maro ny kristiana no tsy tonga saina amin'ny maha-izy azy ao amin'i Kristy! Andriamanitra ny Kristiana, ka tsy tokony ho faty toy ny olombelona. Ny vorona miteraka vorona, ary ny liona miteraka liona! Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra ianao; Andriamanitra ianao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Andriamanitra aho! Naterak'Andriamanitra aho noho izany tsy misy toerana eo amin'ny fiainako ny fahafatesana! Tsy misy hahasakana ahy amin'ity taona ity! Aleloia.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Salamo 82:6

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 12-13



**Romana 1:1 (KJV)**
**PAOLY, mpanompon'i Jesosy Kristy, voantso ho Apostoly, voatokana ho amin'ny filazantsaran'Andriamanitra,**

Nandritra ny fotoan`andro taloha teo amin'ny Isiraely, rehefa feno fito taona niasana ny andevo dia manan-jo ny ho afaka. Kanefa, rehefa nifidy an-tsitrapo ny hitoetra ao an-tranon'ny tompony izy ka misafidy ny hitoetra andevo ao amin`ny mpanompony, dia gokana ny sofiny, ary mbola manohy miasa ao an-tranon'ny tompony ihany izy amin'ny maha-"mpanompo" na "ANDEVO" azy. Noho izany, i Paoly dia milaza fa manolo-tena tanteraka tsy misy fanerena amin'ny fanompoana an'i Kristy mandrakizay.

Hoy i Paoly: Andevo nomena fahafahana handao ny tompoko aho, fa noho ny hatsaram-panahin'ny tompoko amiko dia tsy afaka ny mandao azy aho. Nanolo-tena manontolo aho hanompo Azy! Firy amintsika no afaka milaza fa vonona ny hanompo an'i Jesosy Tompo tsy ankaterena fa an-tsitrapo sy am-pifaliana na inona na inona mitranga? Mahery ny hatsaram-pon'ny Tompo ary mikoriana hatrany na inona na inona kilemantsika. Ataovy toy ny MPANOMPO ao amin'ny tanimboalobony ny tenanao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Manolotra indray ny fiainako ho an'i Jesosy Mpanjakako aho, Tompoko sy Mpamonjiko. Atolotro ho Anao ny tenako rehetra, Tompo ô, vonona ampiasainao hitondra fanovana amin`izao fotoampitantanana farany izao, amin'ny anaran'i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
1 Korintiana 1:1

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 14-15, Salamo 90



**Genesisy 1:2 (KJV)**
**Ary ny tany dia tsy nisy endrika sady foana; ary aizina no tambonin'ny lalina. Ary ny Fanahin'Andriamanitra nanomba tambonin'ny rano.**

Ny soratra masina dia manondro fa ny tany araka ny fantatsika ankehitriny dia tsy nisy "endrika" sy "foana" hatrany am-piandohana. Ny "foana" eto dia miresaka fahabangana, tsy misy, toy ny tany tsy misy antenaina hitombo! Rehefa "nanomba" ny Fanahin'Andriamanitra, dia "rachaph" ny fandikana azy amin`ny hebreo, izay midika hoe misaina lalandava momba ny vokatra entiny, zavatra efa nisy teo foana ary namoaka zava-baovao avy ao aminy. Ny Fanahy Masina dia nitsimoka na nieritreritra, avy eo niteny tamin'ny farany hoe: "Misia mazava", dia nisy ny mazava!

Ny fambolena voa ara-panahy dia misy fepetra mila arahana raha tianao ho araka ny tokony ho izy ny vokatra azonao. Misy fiantraikany be amin'ny vokatra ny fiovaovan'ny maripana. Noho izany, rehefa mitranga ny fambolena voa ara-panahy, manomboha mametraka ny fenitry ny toetranao, hamafiso ny fiainam-bavakao, ampitomboy ny haavon'ny fanompoam-pivavahanao amin'Andriamanitra ary jereo fa ho lasa feno fahagagana ny fiainanao. Ny fizotry ny fikolokoloana ara-panahy dia manafaingana ny fitomboanao ara-panahy ary mamela ny fanangananana fahaiza-manao ara-panahy. Noho izany, ampitomboy ny fiarahanao amin'ny Fanahy Masina mba hanome hery anao hiaina ny fiainam-baovao amin'ny fomba mahagaga.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**karazany vaovao aho! Nateraky ny Fanahy aho, ary tsy misy mahasakana ahy tsy hanatanteraka ny fikasana nomen'Andriamanitra ahy. Ny famirapiratan'ny fiainako no hanazava izay rehetra manodidina ahy ho voninahitr'Andriamanitra. Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
2 Korintiana 4:6

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 16-17



**Isaia 54:17 (KJV)**
**Ny fiadiana rehetra izay voaforona hamelezana anao dia tsy hisy hambinina, Ary ny lela rehetra izay miady aminao dia horesenao lahatra. Izany no lovan'ny mpanompon'i Jehovah Sy fahamarinany avy amiko, hoy Jehovah.**

Androany aho dia mandidy sy manambara aminao ny Tenin'ny Tompo araka ny niniako nambara ao amin'ny Isaia 54:11-17 (MSG) manao hoe: "Tanàna ory, iharan'ny tafio-drivotra, tsy misy antra; Ny fanorenanao amin'ny safira, ny tilikambonao amin'ny voahangy, ny vavahadinao amin'ny vatosoa, ary ny mandanao rehetra amin'ny vato soa. Ny zanakao rehetra dia hanana an'Andriamanitra ho mpampianatra; Izany ka mpanoro hevitra goavana ho an`ny zanakao!

Haorina mafy ianao, miorina amin'ny fahamarinana, lavitry ny olana rehetra - tsy misy tokony hatahorana! Lavitra ny fampihorohoroana — tsy hanakaiky akory izany! Raha misy mamely anao, aza eritreretina akory fa Izaho no naniraka azy;

Izaho no mpahary ny mpanefy izay mandrehitra ny fanorenana sy manao fiadiana natao hamonoana. Izaho koa no mpahary ny mpandringana— fa tsy mbola nisy fitaovam-piadiana afaka hamelezana anao nohariana hatrizay. Izay mpiampanga mitondra anao eny amin'ny fitsarana dia antsoina mpandainga. Izany no azon'ny mpanompon'Andriamanitra antenaina. Izany no ambarako ary handeha tsara ny zava-drehetra." Didin'Andriamanitra.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Ny fiainako dia fonosina ho amin'ny fahombiazana; Mahomby aho! Andriamanitra no niteny izany, niteny izany ny Mpaminany, koa dia tanteraka izany! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Daniela 3:26

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 18-20



GoodNews DAILY



**Asan'ny Apostoly 12:9 (KJV)**
**Dia nivoaka izy ka nanaraka azy; ary tsy fantany ho marina izay nataon'ny anjely, fa nataony ho nahita fahitana ihany izy**

Ny famotsorana an'i Petera tao am-ponja dia fitsabahan'Andriamanitra tamin`ny alalan`ny anjely. Mahaliana fa tsy nino ny zava-nitranga i Petera rehefa tonga ny fanafahana azy. Raha ny marina, tamin'ny fiezahana nandinika ny fifanandrinana teo amin'ny fidirana sy fivoahana ao amin`ny tontolo voajanahary sy ny tontolo tsy hita maso, dia nanatsoaka hevitra i Petera fa fahitana no hitany, ka tsy tonga saina fa efa nivoaka ny fonja izy!

Androany, mamoaka teny amin`ny toe-javatra mahakasika ny fahamombana ao amin`ny fanambadianao aho, ny volanao, ny asanao, ny asa fanompoanao, ary ambarako fa izao no fotoana hanafahana anao! Tahaka an'i Petera, dia ho toy ny nofinofy aminao izany satria mitranga haingana be tsy ho takatry ny saina. Ny fahagagana ambarako aminao dia tsy ho takatry ny sain'olombelona: voatosika hiala avy ao amin'ny tontolo ara-panahy ny volanao, efa hiseho ny volanao, ary ampitolagaga anao ny fijoroana vavolombelon`ny fiainana ronono sy tantely iainanao. Maro be ny vaovao mahafaly ho tonga aminao. Tsy ho nofinofy intsony izany fa traikefanao vaovao ao amin'i Kristy. Tapitra ny fanangejana amin`ny fiainanaoary tsy hitsidika anao intsony izany!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Izaho no sangan'asa mahagagan'Andriamanitra mba hanehoana ny voninahiny sy ny famirapiratany. Miseho ny maha-mpanjaka ahy. Rava ankehitriny ny fahantrana sy ny tsy fahampiana. Amin'ny anara-maherin'i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Salamo 126:1

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 21-22



**Isaia 43:18 (KJV)**
**Aza mahatsiaro ny lasa,Na misaina ny taloha.**

Ny voa rehetra dia misy zavatra mandrakotra azy rehefa ambolena ao anaty tany, na dia efa vanimpotoanany aza ny voa dia mila alevina ao ambany tany vao afaka mitondra vokatra. Na izany aza, na dia mila mandalo izany dingana izany ny voa dia mbola misy zavatra manodidina azy, mandrakotra azy. Tsy tokony hieritreritra mihitsy ny Kristiana hoe hadino izy ireo! Mety hahatsiaro ho voalevina ao ambanin'ny olana maro be ianao mahatonga anao mieritreritra hoe adino ianao, milevina ny fahaizanao, tapaka ny fifandraisanao, tsy eo ny volanao, ary miharatsy ny fianakavianao. Mitombo isan-karazany ny olanao, ary toa tsy misy vahaolana ho anao!

Mitondra vaovao mahafaly aminao aho izao: tsy irery ianao; tsy hadino ianao. Tahaka ny voa nalevina tao ambanin'ny tany, dia fotoana fohy ihany no ahitana izany voa izany mitsimoka fa avy eo maneho zava-baovao mampitolagaga izy ary mitondra fifaliana ho an`ny mpandalo sy ny mpamboly azy. Tsarovy fa misy foana ny maraina na dia ao anatin`ny alina aza ianao ankehitriny. Raha velona koa ny Tompo, tsy ho rava ny fianakavianao, tsy ho rava ny fandraharanao, ary tsy hahafoana anao ny aretina. Fotoana hitomboanao izao; hijoro vavolombelona ianao fa fiainana ronono sy tantely tokoa ny fiainanao amin`ity taona ity; mifalia mandrakizay!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Na eo aza ny fahoriana dia tsy hihena ny fitokiako an'Andriamanitra. Mihoatra noho ny mpandresy aho; Fandresena miampy fandresena, mandresy amin`izay rehetra alehako aho! Voninahitra ho an'i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
2 Korintiana 5:17

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 23-25



**Jakoba 1:24 (KJV)**
**fa mijery ny tenany izy, dia lasa, ary miaraka amin'izay dia hadinony ny tarehiny.**

Mahavariana indraindray ny fomba fitenin'ny Kristiana sy ny fomba fiheviny. Hilaza zavatra toy izao izy ireo: "Manamboatra ahy Andriamanitra, ka ampandaloviny zava-tsarotra aho", na "Manasazy ahy amin'ity aretin-doha ity Andriamanitra". Fahadalana izany! Tsy misy fomba hankalazan'Andriamanitra ny tsy fahombiazanao! Tsy misy fomba hanomezan'Andriamanitra lesona anao amin'ny fandefasana aretina; Tsia, tsy fiasan`Andriamanitra izany. Tsy mampiasa ny fitaovan'ny devoly mihitsy Andriamanitra mba hampianarana lesona ny zanany. Andriamanitra tsy mampianatra anao lesona amin'ny fitazonana zavatra ratsy na tsy mendrika eo amin'ny fiainanao, tsia! Tsy mampiasa ny paikadin'ny fahavalo Andriamanitra mba hanatanterahana ny planiny.

Ianao irery no tompon'andraikitra amin'ny famolavolana ny tontolo misy anao. Tsy tokony hisy olona na zavatra omenao tsiny rehefa tsy mahita fandrosoana eo amin'ny fiainanao ianao! Zava-dehibe ny fandinihan-tena. Manontania tena hoe: Ahoana no fitantanako ny fotoanako? Mandoha ny fahafolon-karenako ara-dalana ve aho? Mahavoafehy ny tenako amin'ny fiainam-bavaka ve aho? Moa ve aho mandray ny fandalinana ny tenin'Andriamanitra ho zava-dehibe? Rehefa manomboka manao zavatra amin'ny fomba hafa ianao dia azo antoka fa hisy vokatra hafa ho tonga aminao; manomboha mampihatra izany anio.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Teknolojian'Andriamanitra aho, karazana zavaboary vaovao tsy mbola nisy hatrizay. Tsy kivy aho, ary matoky fa hijoro ho vavolombelona tsy ho ela! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Lioka 1:66

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 26-27



**Efesiana 1:3 (KJV)**
**Isaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay nitahy antsika tao amin'i Kristy amin'ny fitahiam-panahy rehetra any an-danitra**

Ny soratra masina anio dia mampianatra ny fahatakarana ny "fitahiana ara-panahy rehetra". Andriamanitra, tamin'ny herin'ny fiandrianany, dia nanapa-kevitra ny hanome antsika ny "fitahiana ara-panahy rehetra" amin'ny alalan'i Jesosy! Saintsaino fa ilay mifehy ny zava-drehetra no nanapa-kevitra ny hitahy antsika amin'ny "fitahiana ara-panahy rehetra" ao amin'i Kristy! Midika izany fa Andriamanitra, noho ny famindram-pony, dia nisafidy ny hitahy antsika, ary tsy miankina amin`ny lesoka sy tsy fahatanterahantsika ny fitahiana nomeny! Izany no ilazako foana hoe Andriamanitra tsy tezitra aminao; fa tia anao izy!

Ny zavatra iray inoako fa azonao dia izao: ara-panahy ny fiainana! Noho izany, rehefa nanapa-kevitra ny hitahy antsika amin'ny fitahiana ara-panahy ao amin'i Kristy Andriamanitra, dia naneho ny fahatsarany tamintsika tamin'ny ambaratonga ambony indrindra Izy. Rehefa manana an'i Kristy ianao dia manana ny fitahiana ara-panahy rehetra - tsy ny sasany ihany, fa ny rehetra. Toy izao no ambaran'ny Nomery 23:20 hoe: "Indro, ny hitahy no efa azoko; ary tsy afaka mamadika izany aho." Na inona na inona lazain`izy ireo sy eritreretiny momba anao dia tsy misy vokany aminao izany. Izay lazain'Andriamanitra momba anao no atao laharam-pahamehana. Nilaza izy fa ity taona ity dia taonan`ny ronono sy tantely; ento miatrika ny zavatra rehetra izany!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Sambatra sy nahazo sitraka indrindra aho; Tsy azo odian-tsy hita aho. Fiainam-pifaliana sy fiadanana ny fiainako. Harenan'Andriamanitra aho, sarobidy mihoatra noho ny robia. Na iza na iza mikasika ahy dia ho ravana!**

**FIANARANA FANAMPINY**
2 Korintiana 1:3

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 28-30



**Jaona 6:63 (KJV)**
**Ny fanahy no mahavelona; ny nofo tsy mahasoa na inona na inona; ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana.**

Mila ny kaody binary ianao mba hifandraisana ao amin'ny fanjakan'ny Fanahy. Ny fanahy dia tsy miteny amin'ny fiteny fantatra toy ny Swahili, Anglisy, Frantsay na Alemana. Ny fanahy dia mifandray amin'ny famantarana sy kaody. Misy sokajiny ny fiteny tsy fantatra, misy fiteny tsy fantatra ampiasanao, mitondra fiantraikany goavana be amin`ny famotehana sy fandravana zavatra maro ao amin`ny tontolon`ny fahavalo. Jereo ny tenanao ho toy ny hery, toby nokleary natao handrava ny tobin`ny fahavalo rehetra.

Mbola manohy manenjika anao ny fahavalo satria heveriny fa olon-tsotra sy malemy ianao. Mitsangàna, raiso ny fitaovam-piadianao. eo amin'ny fitenenana fiteny tsy fantatra, ary manomboha mandefa teny mitondra balafomanga ao amin`ny tontolon'ny fanahy. Fotoana ny ady izao. Amin'ity taonan`ny ronono sy tantely ity. Mandehana miady amin'ny fahavalo mandra-pihavin'ny fiadananao, ny filaminana ara-bola sy ny ankohonanao. Midira amin'ny ambaratonga hafa amin`ny fiteny tsy fantatra; aza miala raha tsy azonao izay nangalarin`ny fahavalo taminao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Ny lelako dia tahaka ny penin'ny mpanoratra vonona. Ny feoko dia mampihorohoro ny tobin'ny fahavalo. Tafika tokana miaraka amin'i Jesosy aho, mifehy faritany aho. Amin'ity taona ity, mandeha avy ao amin'ny fandresena mankany amin'ny fandresena aho. Amin'ny anaran'i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Jaona 5:21

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 31-32



**Jaona 6:68 (KJV)**
**Simona Petera namaly Azy hoe: Tompo ô, hankany amin'iza moa izahay? Hianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay**

Io teny nataon'i Simona Petera io dia midika zavatra maro. Simona Petera sy ny mpianatra hafa dia nanazava tsara ny fikarohana sy ny zavatra hitany: Jesosy irery ihany no manana ny "Tenin'ny fiainana mandrakizay". Hoy ny Jaona 1:1: "TAMIN'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra." Hoy ny andininy faha-14 amin'io toko io: "Ary ny Teny dia tonga nofo ka noninatamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra mendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana." (NKJV). Jesosy no TENY naseho tamin'ny nofo!

Ekeo fa Jesosy no Andriamanitra, ka ny teny lazain'Andriamanitra dia mandrakizay. Tena marina izany! Hoy i Jesosy ao amin'ny Marka 13:31 : "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona." Mandrakizay ny tenin'i Jesosy ary tsy voasedra ny fotoana! Rehefa manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay ianao, dia handositra anao ny aretina. Rehefa miteny ianao dia hamaly ny kaontinao ao amin'ny banky amin'ny maha zavaboary anao. Ny zavatra entinao dia mandrakizay sy mahery ary mila miseho eo amin'ny fiainanao andavanandro!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Ny mandrakizay sy ny maha-Andriamanitra no mitoetra ato anatiko; koa mandeha amin-kery aho. Raha miteny aho, dia manapaka ny toe-javatra rehetra. Ny fiainako dia fiainam-pifaliana; feno fahagagana sy famantarana ary zava-mahagaga ny manodidina ahy.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Matio 16:16

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Nomery 33-34



**Salamo 92:12 (KJV) Ny marina hamololona tahaka ny rofia; Hisandrahaka tahaka ny sedera any Libanona izy;**

Mariho fa ny firoboroboan'ny olo marina dia ampitahaina amin'ny hazo rofia. Misy zavatra miavaka amin'ny hazo rofia azo ampitahaina amin`ny olo-marina. Misy zavatra tsara amin'ny hazo rofia izay mila halaintsika tahaka. Ny hazo rofia dia malefaka sy mahatohitra ny tafio-drivotra! Ny hazo rofia dia afaka miondrika mihemotra, mandroso, ary mitsivalana manoloana ny tafio-drivotra mahery. Na izany aza, aorian'ny tafio-drivotra, ny hazo rofia dia mbola mijoro hatrany, tsy mihetsika ary tsy mivadika.

Tsy kisendrasendra ny fampitahana ny hazo rofia amin'ny olona marina iray – kristiana – araka ny asehon'ny soratra masina ankehitriny.

Manoloana ny fahoriana dia andrasana hijoro mafy ny kristiana. Eo anatrehan'ny zava-tsarotra na tafio-drivotra eo amin'ny fiainana, dia tsy tokony hihetsika ny Kristiana fa hiorina mafy amin'ny Tenin'Andriamanitra, miorina amin'ny finoana. Hoy ny 2 Korintiana 4:8-9 : "Voageja manodidina izahay, nefa tsy tery; very hevitra, nefa tsy mamoy fo; enjehina, nefa tsy nafoy". Mivoaka ho mpandresy tahaka ny ronono sy tantely ianao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Fahagagana ny fiainako! Rehefa tapitra ny tafio-drivotra, dia hijoro mafy aho. Miafina ao amin'i Kristy ny fiainako; Tsy ho levona aho, tsy hidina any ambanin'ny tany aho, fa mijoro tsara hanambara ny Tenin'Andriamanitra! Aleloia!**

### FIANARANA FANAMPINY
Salamo 1:3

### FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO
Ny soratra masinao anio: Nomery 35-36



**1 Tesaloniana 4:16 (KJV)**
**Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha**

Manana tombony manokana isika raha ny amin'ny asa fanompoana noho ny fanambarana azontsika avy amin'Andriamanitra. Izany no santatry ny voninahitra masina. Mazava ny soratra masina, saingy heveriko fa mila manazava kokoa aho. Amin'izany andro izany, raha midina avy any an-danitra ny Tompo, dia hiantso mafy amin'ny feon'ny arikanjely. Ny maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha rehefa mandre ny trompetra farany. Midika izany fa ny feon'ny arkanjely iray ihany no ren'ny maty sy manangana azy ireo!

Matetika aho no manambara hoe: "Amin'ny feon'ny arkanjely", satria misy karazana feo samihafa, ary samy hafa ny lehilahy sy ny vehivavin'Andriamanitra. Misy zavatra manintona ny hafa aminao ao amin'ny Fanahy ka misarika azy ireo aminao. Amin'izao andro izao, miteny amin'ny feon'ny arkanjely aho amin'io kibo maty io, amin'ny fanambadiana maty, amin'ny orinasa maty, amin'ny kaonty maty any amin'ny banky mba hitsangana amin'ny maty ankehitriny ary hanomboka hamokatra. Esorina amin'ny fiainanao ny fahafatesana!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Ny feoko dia hanapaka ny onjam-peo, ary maheno tsara ny feoko ny volako . Manapa-kevitra aho ary manambara fa tsy ho tapaka na oviana na oviana amin'ny fiainako ny vola! Aleloia.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Matio 24:31

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 1-2



**Salamo 82:5 (KJV)**
**Tsy mahalala na mahazo an-tsaina ireny;Ao amin'ny maizina no andehanany; mihorohoro ny fanambanin'ny tany rehetra.**

Iray amin'ireo lehilahy mahery indrindra nefa matetika tsy noraharahiana ao amin'ny Baiboly i Adama! Ny fahalavoan'i Adama dia niteraka fikorontanana tany an-danitra ka nanova ny rafitry ny tany, ny volana ary ny kintana. Milaza amintsika ny Baiboly fa i Jesosy no Adama farany: "Ary araka izany koa no voasoratra hoe: Adama voalohan-dahy natao manan`aina (Gen.2.7), Adama farany natao fanay mahavelona". ( 1 Korintiana 15:45). Araka ny hevitrao, tsy nanan-kery ve i Adama voalohany? Tsia, tompoko!

Tao amin'ny saha Edena, i Adama dia nahazo fampahalalana avy amin`ny hazo, ary ankehitriny, dia mahazo fanafody avy amin'ny hazo isika. Ny vola dia vita amin'ny taratasy, izay vita amin'ny hazo. Koa raha nihinana voalohany tamin'ny hazon'aina àry i Adama, dia tsy ho narary ny olombelona! Mihoatra lavitra noho ny mahazatra ny fahefan'i Adama sy ny fitondrany. Namoy izany fahefana izany i Adama rehefa lavo, fa i Jesosy Kristy izay Adama farany kosa dia namerina izany hery sy fahefana izany tamintsika. Ankehitriny dia afaka miresaka amin'ny manodidina sy ny tontolo iainanao ianao, ary tsy manana safidy izy ireo afa-tsy ny mankatò sy mampitranga fiovana!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Naverina tamiko ao amin'i Kristy ny hery. Miteny teny famoronana aho, mitondra ny ADN an'Andriamanitra, mpanjaka aho, ary manana fahefana hifehy ny zavaboary. Manjaka sy mpandresy aho! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Salamo 11:3

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 3-4



**Apokalypsy 4:7 (KJV)**
**Ary ny zava-manan-aina voalohany dia tahaka ny liona, ary ny zava-manan-aina faharoa dia tahaka ny zanak'omby, ary ny zava-manan-aina fahatelo dia manana tava tahaka ny tavan'olona, ary ny zava-manan-aina fahefatra dia tahaka ny voromahery manidina**

Nanana tavan'olona ny iray tamin'ireo zavaboary efatra nipetraka nanodidina ny seza fiandrianan'Andriamanitra. Noho izany, raha ny marina, dia efa niaraka tamin'Andriamanitra ny olona talohan'ny namoronana an'i Adama, kanefa mariho ny mampiavaka azy: Andriamanitra dia nilaza fa aoka isika hamorona "olona tahaka ny endritsika". Izany dia mampahafantatra antsika fa i Adama dia tsy nohariana mitovy amin'iray amin`ny zavaboary manana tavan'olona. Noharian'Andriamanitra araka ny endriny isika, manana fanahy sy saina ary vatana. Ny vatana no nohariana avy amin'ny vovoka, izany hoe ara-nofo ny vatana.

Rehefa naka fanahy an'i Eva hihinana tamin'ilay hazo voarara ny devoly, ka nitaona ny vadiny hanao toy izany koa, dia nisy ozona nihatra tamin'ilay menarana fa hihinana vovoka izy ( Genesisy 3:14 ). Na izany aza, fantatsika rehetra fa tsy mihinana vovoka ny menarana. Inona àry no tena marina mahakasika io 'vovoka' io? maneho ny ara-nofo ny vovoka. Ny fahavalo dia manafika ny nofo, noho izany dia zava-dehibe ny mamelona ny fanahinao isan'andro amin'ny Tenin'Andriamanitra mba handresena ny filan'ny nofo. Ambarao hatrany ny fiainana ronono sy tantely, eny na amin`ny fiainanao ara-panahy dia hitanao fa hitranga izany

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mitombo amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra ny fanahiko. Manangana fanoherana amin'ny zana-tsipìka mirehitra avy amin'ny fahavalo aho. Manana hery ara-panahy aho handositra ny fahavalo amin'ny anaran'i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Ezekiela 1:10

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 5-7



**Marka 10:27 (KJV)**
**Fa Jesosy nijery azy ka nanao hoe: Raha amin'ny olona, dia zavatra tsy hainy izany; fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra.**

Misy fahafahana tsy manam-petra ao amin'ny tontolon`ny Fanahy. Rehefa milaza ny Baiboly fa hain'Andriamanitra ny zava-drehetra, dia mandrakotra ny "zava-drehetra" izany! Ny zava-drehetra dia afaka mitranga ao amin'Andriamanitra. Mariho fa ny ankamaroan'ny zavatra ao amin'ny Fanahy dia tsy ampianarina fa raisin`ny Fanahy! Ny singa iray manan-danja tokony ho fantatrao ankehitriny dia ny hoe mila fantsona ny fidirana amin'ny tontolon`ny Fanahy. Mety ho olombelona izany fantsona izany! Misy tontolo na atmosfera antsoina hoe fantsona ao amin'ny Fanahy satria manosika anao hiditra ao amin'ny anjara voatendrinao.

Rehefa hitanao ny fantsona ilainao, dia hoentina avy amin'ny toerana iray mankany amin'ny toerana iray hafa ianao ary hahita fandrosoana eo amin'ny fiainanao. Rehefa misafidy ny fantsona tsara ianao, dia hisandratra sy ho ankalazaina. Indraindray ny fahasahiranana no mahatonga anao hitsangana, noho izany na ny fahasahiranana aza dia mety ho fantsona mitondra anao any amin'ny ambaratonga manaraka. Ny toe-javatra izay nanelingelina ny fanambadianao, ny volanao, ny fanompoanao na ny zanakao no fantsona hitondra anao any amin'ny lapanao. Aza matahotra; mijoroa mafy amin`ny zavatra rehetra rehetra.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mandroso ao amin`ny tontolon`ny fanahy aho, mety ho avy any aoriana ny fikorontanana, saingy manosika ahy fotsiny izy ireo ka mahatonga ahy ho tonga haingana kokoa amin'ny alehako. Ny zava-drehetra dia miasa ho ahy! Voninahitra.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Matio 19:26

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 8-10



**2 Mpanjaka 2:11**
**Ary raha mbola nandeha sy niresaka izy roa lahy, dia, indro, nisy kalesy afo sy soavaly afo nampisaraka azy roa lahy; ary Elia niakatra tamin'ny tafio-drivotra ho any an-danitra.**

Mialohan`ny andininy androany io, dia nifindra avy tany Gilgala ka nankany Betela, Jeriko ary farany nankany Jordana ny Mpaminany Elia, Jordana izay toerana nandehanany tany an-danitra tao anatin'ny tafio-drivotra. Nifindrafindra toerana izy mandra-pahitany tontolo milamina feno fahatsapana ara-panahy izay mety ho varavarana mitondra mankany amin'ny tontolo ara-panahy manaraka. Misy karazana tontolo manosika anao ao amin'ny Fanahy hahavita bebe kokoa. Ny tontolo ao amin'ny Fanahy dia sehatra mitondra mankany amin'ny tontolo hafa.

Ao amin'ny tontolo mamokatra, dia miseho ny fahagagana, ary misy ny fanasitranana. Mila takatrao fa ny tontolo na atmosfera tohanan'ny hetsika ara-panahy dia manana fahafahana hanova ny anjara voatendrinao. Misy ihany koa karazan`olona afaka mitondra atmosfera hanova mandrakizay ny fiainanao. Ny andraikitrao dia ny mamantatra ny atmosfera izay natao hanova ny kaontinao ao amin'ny banky, ny fanambadianao, ny fianakavianao, ary rehefa hitanao izy ireo dia arovy sy kolokolohy tsara!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Niditra tao amin'ny atsmosfera mamokatra aho mba handray fahagagana, ary tsy hiala foana aho. Efa vonona handray ny saiko sy ny foko. Tsy maintsy hiova ny fiainako anio, ary hijoro vavolombelona aho.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Genesisy 5:24

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 11-13



**Matio 7:25 ((KJV)**
**Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany; nefa tsy nianjera izy, satria efa naorina teo ambonin'ny vatolampy.**

Milaza ny Baiboly fa nisy riaka be, tondra-drano, ary tafio-drivotra - izay maneho ny fanambin`ny fiainana - midona amin'ny trano iray. Ny trano resahina ato amin'ity soratra masina ity dia ianao. Eny, mamaky ity teny ity ianao izao. Tsarovy fa tempolin'Andriamanitra ianao, ary izay rehetra ananan'ny fahavalo dia atsipiny aminao. Mety ho tsy an'asa ianao, ary mety miatrika zava-tsarotra ny fanambadianao. Toy ny fahoriana ny fiainanao, ary mety miaraka mitranga avokoa izany rehetra izany, kanefa aza manahy!

Ny tafio-drivotry ny fiainana dia tonga aminao noho ny tanjona tokana ihany, hitsapa ny fototrao! Ny vaovao tsara dia, amin'ny maha-Kristiana antsika, dia i Kristy no fototra iorenantsika. Raha Kristy no fototra, matokia fa tsy tafahitsoka amin'izany olana izany ianao; mandalo ihany izany! Tsy miandry hahita ny hazavana amin'ny faran'ny tonelina ianao, tsia. Niditra tao amin'io tonelina io ianao ho fahazavana, satria ianao no fahazavan'izao tontolo izao. Fantaro tsara fa voafetra ny olanao, ka tsy hijanona ao ianao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mitsangana eo ambonin'ny vatolampy aho, dia i Kristy. Tsy entin'ny tafio-drivotra aho. Na mafy aza ny tafio-drivotra dia tsy rava aho fa hijoro hatrany! Aleloia!**

**FIANARANA FANAMPINY**
Ohabolana 10:25

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 14-16



**2 Tantara 20:20 (KJV)**
**Ary nifoha maraina koa izy, dia niainga nankany an-efitr'i Tekoa; ary nony nivoaka izy, dia nitsangana teo Josafata ka nanao hoe: Mihainoa ahy, ry Joda, sy hianareo, ry mponina eto Jerosalema: Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra hianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina hianareo.**

Io fanambarana momba ny finoana an'Andriamanitra sy ny mpaminaniny io no fototry ny fahombiazan'ny fiainana. Ny tena fanirian'Andriamanitra dia tsy ny famonjena fanahy! Avy hatrany dia misy olona gaga be izao satria ny rafi-pinoany manontolo dia miorina tamin'izany, saingy tadidio fa tsy mandeha amin`ny fihetseham-po ny fahamarinana. Ny fanirian'Andriamanitra lehibe indrindra dia ny hinoana Azy! Ovao ny toe-tsainao, minoa ary matokia an'Andriamanitra amin`ny teniny, dia ho mafy orina ny fototrao.

Mahaliana fa ny fanambinanao dia nampifandraisin'Andriamanitra amin'ny finoana ny mpaminaniny. Ny fanambinana dia asan'ny finoana ny mpaminanin'Andriamanitra. Mampianatra antsika izany fa Andriamanitra dia Andriamanitry ny filaminana sy ny fitsipika. Hoy ny Amosa 3:7: "Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, Raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony." Manaja ny teniny Andriamanitra ary mampianatra antsika hahatakatra fa miasa eto amin'ny planeta tany Izy amin'ny alalan'ny mpaminany izay mpitondra teniny. Rehefa mino ny mpaminaniny ianao dia azo antoka ny fanambinanao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mandeha amin'ny fanambinana sy miaina fiainana miroborobo aho amin`ny fotoana mino ny mpaminanin'Andriamanitra. Sambatra tokoa aho manana mpaminany. Tsy afaka mandainga ny Tenin'Andriamanitra; amin'izao taonan`ny ronono sy tantely izao dia ankehitriny ny fanambinako! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Jeremia 38:20

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 17-20



**Jaona 10:10 (KJV)**
**Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be.**

Misy olona mihevitra ny fitoriana ny Tenin'Andriamanitra ho ampahany tsotra sy mahazatra amin'ny fanompoampivavahana, lasa raisina ho fahazarana fotsiny ny fitoriana Teny! Tsy izany anefa no izy. Rehefa miseho eny amin'ny polipitra ny lehilahin'Andriamanitra dia ara-batana ny zavatra hitanao, fa hafa ny zava-misy ao amin'ny tontolon'ny fanahy! Ny teny avoaka eny amin'ny polipitra dia tsy teny poakaty sy tsotra fotsiny, tsia!fa fitaovampiadiana mirehitra miteraka korontana ao amin'ny tobin'ny fahavalo.

Hoy i Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 15:31 : "Lazaiko marina, ry rahalahy, amin'ny fireharehako noho ny aminareo, izay ananako ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika, fa maty isan-andro aho". Nilaza i Paoly fa ambony ny taha mety hahafaty ny olona eo am-pitoriana ny Filazantsara. Mety miteraka fanamby ny fanompoana ny Tenin'Andriamanitra, nefa noho izany dia mitaraina amin'ny tontolon'ny fanahy ny demonia! Izany no iray amin'ireo antony mahatonga ny Kristiana manana adidy hivavaka ho an'ny olon'Andriamanitra rehetra. Mandrava ny fandaharam-potoan'ny devoly, ary mila ravan-tsika izany!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mihazona ny tanan`ny lehilahin'Andriamanitra aho. Miaramiasa amin'ny mpitory teny aho mba hanafay ny devoly; ny teny ambarako dia fiainana sy fanahy. Sahirana ny fahavalo amin'izao fotoana izao satria miteny sy mivavaka aho! Aleloia!**

**FIANARANA FANAMPINY**
Hebreo 7:25

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 21-23



**Genesisy 26:3 (KJV)**
**Mivahinia eto amin'ity tany ity, hianao, dia homba anao sy hitahy anao Aho; fa hianao sy ny taranakao no homeko ireto tany rehetra ireto, ka hotoviko ny fianianana izay nataoko tamin'i Abrahama rainao;**

Mampihomehy ny olona milaza fa Andriamanitra dia tsy ao amin'ny fanambinana! Rehefa manambara fiainana ronono sy tantely dia tsy raisiny ampamatorana izany. Misy Kristiana mino fa rehefa miaina amin'ny fiainana mampalahelo sy mahantra izy ireo, dia maneho tokoa izany fa kristiana izy ary efa voafandrika ny tapakilany ho any andanitra! Tena tso-po izy ireo saingy tena diso anefa izany! Misy aza ny kristiana mino fa raha ambinina ianao dia noho ny sainao sy ny fahalalanao ihany fa tsy avy amin`Andriamanitra velively.

Raha Kristiana ianao, dia tokony hahafantatra an'i Abrahama, Rain'ny Finoana, izay nilazan'Andriamanitra mazava tsara hoe: "dia hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ary ho fitahiana tokoa hianao." ( Genesisy 12:2 ). Raha mino ianao fa Andriamanitra no nilaza ireo teny ireo tamin'i Abrahama, dia fantaro fa tsy mahafaly an'Andriamanitra ny fahantrana, ny fanambinan`ny mpanompony kosa no ankasitrahany ( Salamo 35:27 ). Tahiana ianao mba ho tonga fitahiana ho an'ny maro!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Fanambinana no anarako. Izaho no foiben'Andriamanitra; Tsy afaka miaina amin'ny tsy fahampiana aho ary ny lovako rehetra dia avy amin'Andriamanitra. Na aiza na aiza alehako, dia ho fitahiana aho, amin'ny anaran'i Jesosy. Amena.**

### FIANARANA FANAMPINY
Genesisy 13:15

### FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 24-27



**2 Timoty 2:15 (KJV)**
**Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana**

Taona maro lasa izay, nitondra boky novidiko momba ny fitantanam-bola aho. Nazavaiko tamin'ny vadiko fa hampanan-karena anay ilay boky! Nolazaiko taminy fa hahazo an-tapitrisa telo avo heny mihoatra ny vidin`ilay boky izahay noho ny ambaratongam-pahalalana azo avy amin'ny famakiana azy! Milaza amintsika ny soratra masina ao amin'ny Ohabolana 4:7 hoe: "Ny voaloham-pahendrena dia izao: Mahazoa fahendrena; Eny, lanio ny fananana rehetra hamidy fahalalana tsara." Zava-dehibe ny mamaky boky sy fitaovana hafa izay mampitombo ny fahatakaranao ara-panahy.

Maro ny Kristiana milahatra be hividy menaka fanosorana amin`ny tavoahangy, fa tsy mampiasa vola amin'ny boky sy fitaovana hafa izay hampitombo ny fahaizany sy ny fahalalany. Na dia tsy manohitra ny fanosorana menaka ho fampitaovana ny fanosorana aza aho, ny fahalalana azo amin'ny alalan'ny boky dia voatsindry ary manitatra ny fahatakaranao no fomba tsara indrindra hitehirizana ny fiainana mandresy. Aza atao tsinontsinona ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra sy ny zavatra ara-panahy hafa ka ho soloina amin'ny siny fanosorana. Samy manana ny anjara asany eo amin'ny fanorenana anao ho amin'ny fandrosoan'ny Fanjakana izy ireo.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Voaorina aho mba hanapaka firenena amin'ny fahalalana. Tsy olon-tsotra aho; Manana fahendrena avy any ambony aho. Ny Tenin'Andriamanitra ato anatiko dia manome ahy fahatakarana mifehy ireo fanamby amin'ny fiainana. Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Hebreo 4:11

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 28-29



**Isaia 54:2 (KJV) Halalaho ny itoeran'ny lainao, Ary aoka hohenjanina ny ambaindainao**

Indraindray, mila bevohoka amin'ny zava-baovao ianao mba hanova ny zavatra ilainao. Raha tsy misy zava-baovao hanosika anao hiala amin'ny faritra misy anao dia aza manantena hahita zava-baovao hitranga. Rehefa bevohoka ny vehivavy iray, dia misy fiovana sasantsasany amin'ny filany izay tsy mipoitra raha tsy bevohoka izy. Rehefa mitranga izany dia fantaro fa tsy ny vehivavy no mitaky ny sakafo vaovao, ny akanjo vaovao, ny trano fonenana vaovao, ny fitantanana ara-bola vaovao, tsia. Misy zavatra manosika azy hikatsaka zava-baovao, izany no vokatry ny fitondrana vohoka!

Rehefa lasa tsy mahazo aina tampoka amin`ny manodidina anao ianao, tsy mety aminao intsony ny fiarahanao amin`izy ireo, tsapanao lasa tsy mety aminao intsony ny fiaranao, toa lasa kely ny fitoeran`akanjonao, mila fanavaozana ny akanjonao, sns, dia fantaro fa fotoanan`ny ronono sy tantely izao. Rehefa mamindra anao amin'ny toerana hafa Andriamanitra, dia lasa tsy mahafa-po anao ny toerana misy anao ankehitriny, ary lasa tsy mahazo aina intsony ianao raha tsy miova. Misy zavatra manosika anao avy ao anaty ary tsy avy amin'ny tenanao fa antso avy amin'ny fitondrana vohoka mba hanitarana ny tontolonao ary hiteraka zava-baovao izay fitahiana ho an'ny taranaka ho avy!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Vonona aho, mirehitra hanao asa soa ho an'Andriamanitra. Miteraka zava-baovao izay hanova ny taranako aho. Manana antso ambony aho ary vonona ny hifehy faritany vaovao ho an'i Jesosy! Aleloia.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Isaia 26:15

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 30-31



**Salamo 41:9 (KJV)**
**Eny, ny sakaizako, izay nahatoky ahy sady nihinana ny haniko,no nanangana ny ombelahin-tongony hamely ahy.**

Maro amin'ireo fanamby sy olana eo amin'ny fiainana no avy amin'ny loharano tsy ampoizina. Nitaraina i Davida ao amin'ny soratra masina etsy ambony momba ny niandohan'ny fanamby niainany tamin`ny namany izay niara-nizara mofo sy niara-nihinana taminy, satria ilay noheverin'i Davida ho "namana" no nanohitra azy tamin`ny farany! Lasa niavonavona taminy ary nihevi-tena ho lehibe loatra noho izy kanefa raha ny marina dia tsy inona inona akory izy. Ny famadihana ratsy indrindra hiainan'ny olona iray dia ireo heveriny ho namana mamadika azy ao aoriana kely ao.

Nanatsoaka hevitra aho fa tsy mila namana amin`ny fiainana. Ny namana sasany dia fahavalo ao aoriana kely ao! Misy milaza fa manana namana akaiky kanefa roa taona aty aoriana dia lasa fahavalony mafy indrindra ilay namany teo aloha! Diniho ny fifandraisanao mba hahafahanao manavaka ireo izay vonona ny hijanona miaraka aminao na inona na inona mitranga. Mivavaka ho anao aho anio mba hanomezan'Andriamanitra fahatakarana anao hamantatra haingana ireo olona manodidina anao, na ireo izay miaraka aminao noho ny antony manokana sy mifikitra aminao mandritra ny fotoana fohy, mba hiala haingana aminao ary tsy hanimba ny anjara voatendrinao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Voahodidin'ny anjely aho. Na inona na inona olona ampiasan'ny fahavalo misandoka ho namana dia tsy hahomby izy! Voaro amin'ny fahasoavan'Andriamanitra aho. Voaaro ao amin`i Kristy ny fiainako! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Lioka 22:21

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Deoteronomia 32-34, Salamo 91



**1 Korintiana 12:10 (KJV)**
**ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra**

Ny Kristiana miaina amin'izao fotoampitantanana izao no tsara indrindra kanefa dia malemy indrindra. Nomena fitaovam-piadiana tsara indrindra avy amin'Andriamanitra isika, efa nizara ny fanomezam-pahasoavany Izy, saingy ny tsy fampiasana ny fitaovam-piadiana dia miteraka fiainana tsy misy dikany sy faharesena! Tokony ho mahery indrindra isika, saingy indrisy fa lasa foto-pisainana ny Kristianisma. Tonga izao ny fotoana tokony ampiasan'ny Kristiana ny feon'ny arkanjely mba hamoronana ny rakitra marina hanaovana fehezan-dalàna mamokatra fahagagana!

Misy Kristiana mivavaka mandritra ny ora maro kanefa mbola tsy voaloany ny faktiorany, tsy manana asa, ka na ny fanohanana ara-bola ho an'ny asan'Andriamanitra aza dia lasa tsy atao indraindray! Tsarovy fa efa ao anatinao ny hery hanjaka. Ny tsy ampy aminao dia ny fitambaran'ny kaody afaka mitondra vokatra. Mihinàna ny Teny ary ampitombohy ny fatram-bavaka, araho amin'ny fifadian-kanina izay famongorana ny nofo hahatonga anao hatsapa kokoa ny Fanahy Masina. Avy eo, rehefa mandidy amin'ny feon'ny arkanjely ianao, dia tsy ho lavina ny fangatahanao.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Miteny fiainana sy ronono sy tantely ary fanhy aho. Ny fahatsapako eo amin'ny sehatra ara-panahy dia tafakatra ho amin'ny ambaratonga ambony indrindra. Ny zavatra ara-panahy izay didiko sy ambarako dia miseho ho voninahitr'Andriamanitra! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Marka 16:17

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Josoa 1-4



**Mpitoriteny 10:19 (KJV)**
**Ataony laolao ny hanina, ary ny divay no maharavoravo ny aina, ary ny vola no hahazoana ny zavatra rehetra.**

Ny Tenin'Andriamanitra dia manambara mafy fa tsy afaka manompo tompo roa ianao; hahatoky kokoa ny iray ianao ary hivadika amin'ny iray hafa. Andriamanitra dia mametraka ny vola eo ampelatanan'ny tompony, andriamanitra, ary midika izany fa afaka fehezina ny vola. Raha takatrao fa omen'Andriamanitra vola ianao amin'ny maha-mpitantana anao ka rehefa takiany aminao izany mba hampiasaina amin'ny fikasany, dia tsy hisalasala ianao.

Mariho fa ny vola dia singa iray eo amin'ny sehatra ara-panahy. Ny vola ao amin'ny poketranao dia tsy mahafantatra fa anao izy. Mieboebo ny vola, ka ny tompony ihany no mahafehy azy!

Ny vola dia zavatra ara-panahy, ary mitaky fiankohofana! Ny fitiavambola no fototry ny ratsy rehetra, koa fantaro fa rehefa mitodika amin'Andriamanitra ny fitiavanao dia ho Azy avokoa ny fananana rehetra, anisan'izany ny volanao. Tsy hifehy anao intsony ny vola rehefa fantany fa nomenao ho an'ny tompo hafa - Andriamanitra -ny toerany ary hanaja anao sy ho voasarikao izy!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Fantatro izao ny tokony hatao amin'ny vola; tsy hanapaka ahy ny vola. Hatolotro ho babo ho an'i Jesosy Tompoko ny vola. Rehefa miteny aho dia mankato ahy ny vola ary mamokatra ronono sy tantely amin'ny anaran'i Jesosy!**

**FIANARANA FANAMPINY**
Matio 6:24

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Josoa 5-8



**Isaia 43:1 (KJV)**
**Fa ankehitriny, ry Jakoba ô, izao no lazain'i Jehovah, Izay nahary anao Sady namorona anao, ry Isiraely ô:Aza matahotra hianao, fa efa nanavotra anao Aho;Efa niantso ny anaranao Aho, Ahy hianao.**

Rehefa miantso anao ny anjara voatendrinao dia ho tonga amin`ny toerana izay tsy afaka azavainao ianao. Mety ao amin'ny fanompoana ianao, ary tsy azonao ny antony nahatongavanao teo. Milaza ny Baiboly fa tany an'efitra i Jaona Mpanao Batisa. Tsy nisy Instagram, WhatsApp, YouTube, na fahitalavitra. Nanakoako tany an-tany efitra anefa ny feon'i Jaona, ary nirohotra nihaino ny fampianarany ny olona tao an-tanàna. Rehefa miantso ny anjara voatendry dia tsy voasakan`ny elanelana, ny toerana ara-jeografika, ary tsy voafetran`ny toerana ara-tsosialy.

Ny zavatra hany tsy azo hifandiranao rehefa miantso anao ny anjara voatendrinao dia ny fandresen-dahatra fa miantso anao ny Tomponao. Mampiasa olona Andriamanitra hanova ny anjara voatendry, ka zava-dehibe ny mahafantatra hoe iza no napetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao hanova ny anjarana voatendrinao. Matetika tsy takatry ny saina ny fiasan`Andriamanitra; Izy no manao ny finoana. Rehefa hitahy anao Andriamanitra dia maniraka olona iray ho anao Izy, ary anjaranao ny mamantatra hoe iza io olona io. Misy antony niantsoan'Andriamanitra anao. Raiso ho zava-dehibe ny antsonao; anjara voatendrinao izany!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Miharihary ny anjara voatendriko. Fantatro fa voafidy aho hitory ny Vaovao Mahafaly momba ny fahasoavan'Andriamanitra amin'izao fotoampitantanana farany izao amin'ny fahitampitia ary tsy sakanan`ny tahotra. Aleloia. Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Salamo 100:3

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Josoa 9-11



**1 Jaona 2:17 (AMP)**
**Ary mandalo izao fiainana izao sy ny filany; fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay.**

Ny fiainana tafahoatra sy tsy mahazatra dia heverina ho fiainana mahatehotia. Ny olona eto amin'izao tontolo izao izay heverina ho manankarena dia miaina fiainana mahatehotia, kanefa dia mihinana legioma sy voankazo ary tsy miraharaha ny hitafy ireo marika lafo vidy indrindra. Ny olona miaina fiainana mahatehotia dia tsy mampitaha ny tenany na mikasa ny hiaina tahaka ny olon-kafa. Tsy fantatrao ny fanamby na ny zavatra natrehanan`ny olona "tafita" eo amin'ny fiainana vao tonga tamin`izany izy, koa nahoana ianao no miezaka mafy ny maka tahaka ny fiainany?

Ny ara-panahy no alao tahaka fa tsy ny zavatra ara-nofo. Mety hamitaka anao ny fahatanoranao sy ny fomba fijerinao ary hanosika anao tsy misokatra amin`ny bitsiky ny Fanahy Masina. Mianara miaina fiainana tarihin'ny Fanahy, ny fanarahana ny taridalany dia manome fiainana mahatehotia anao. Aza manenjika zavatra hanimba anao. Jeneraly mpanapaka ianao koa aza manaiky teren'ny olona, ny fiaraha-monina, na ny mpiara-mianatra aminao. Zanaky ny Mpanjaka ianao, ny harena, ny voninahitra, ny laza ary ny fanambinana dia anao avokoa! Voatendry ho amin'ny fahalehibiazana ianao ary azo antoka fa hamokatra!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Miaina mihoatra noho ny zava-misy aho. Loharano fanampiana ho an'ny andrim-panjakana sy ny firenena aho. Miaina fiainana feno fahasoavana aho, misaotra Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
1 Korintiana 7:31

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Josoa 12-15



**1 Timoty 6:16 (KJV)**
**Izy ihany no manana ny tsi-fahafatesana, mitoetra eo amin'ny mazava tsy azo atonina Izay tsy hitan'olona sady tsy hainy jerena; ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay. Amena.**

Rehefa miresaka momba ny 'tànan'ny Tompo' na 'rantsantanan'Andriamanitra' ny Baiboly, dia tsy tanana na rantsantanana ara-bakiteny no tiana holazaina fa ny refin'Andriamanitra. Hoy ny Efesiana 4:10 : "Izay nidina, dia Izy koa no Ilay niakatra any ambonin'ny lanitra rehetra, hamenoany ny zavatra rehetra.)" Hoy koa ny Genesisy 1:1: "AMIN'ny voalohany Andriamanitra nahary sy ny lanitra sy ny tany." Raha afaka mamorona ny lanitra Andriamanitra dia midika izany fa tsy ao Izy!

Niakatra tany ambonin'ny lanitra Andriamanitra: lanitra faharoa sy fahatelo, ary niakatra ambonin'izy rehetra! Milaza ny Baiboly fa ny lanitry ny lanitra dia tsy omby an'Andriamanitra! Lehibe loatra Andriamanitra ka tsy afaka mampiantrano azy ny lanitra! Mety hisy hilaza fa mahita an'Andriamanitra any an-danitra isika. Milaza amin'ny fomba hentitra anefa ny Baiboly fa mitoetra ao amin'ny mazava Andriamanitra izay tsy azon'ny olona hatonina! Ny zavatra hitanao dia fanehoana an'Andriamanitra any an-danitra. Ireo fitaovana sarobidy toy ny jaspy sy safira mandrafitra ny seza fiandrianan'Andriamanitra dia samy maneho hazavana avokoa. Andriamanitra dia mampiseho ny fahazavany fa tsy ny tenany eo amin'ny seza fiandrianana.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mandeha amin'ny fahazavan'Andriamanitra aho. Tsy hatahotra aho satria jiro fanilon`ny tongotro ny Tenin'Andriamanitra. Tsy manan-kery amiko ny haizina amin'ny anaran'i Jesosy! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Jakoba 1:17

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Josoa 16-18



**Ohabolana 11:30 (KJV)**
**Ny vokatry ny marina dia hazon'aina, Ary ny hendry dia mahataona olona.**

Ny famonjena fanahy dia famafazana manan-danja mandrakizay izay tokony ho takatry ny Fiangonana. Izao tontolo izao dia vonona ny hanao bebe kokoa ho an`ny lainga noho ny Fiangonana hanao bebe kokoa ho an'ny fahamarinana. Rehefa ambara ny fironan`ny lamaody iray, dia hihazakazaka miaraka amin'izany ny olona maneran-tany, toy ny hoe izay ihany no fiainana. Ny rehetra any ivelany dia hanaraka an-jambany sy hanaiky izay rehetra napetraky ny tontolon'ny lamaody aminy tsy misy fisalasalana na fanoherana ny fanaovana azy! Satria Nahoana? Satria izany indray no lamody!

Ny zava-doza amin'izany rehetra izany dia niditra tao amin'ny Fiangonana izany kolontsaina izany. Tsy mijery avy aty ivelany intsony ny Fiangonana fa efa tena mandray anjara sy mampiroborobo izany. Tafasaraka (masina) isika ary antsoina ho mpamonjy fanahy mahomby, fa raha tsy miantso ny ota ho ota isika dia tsy afaka ny ho mpamonjy fanahy mahomby. Raha te ho mpamonjy fanahy mahomby dia mila mahita sy mahafantatra ny loza ianao. Ny tanjonao amin'ny maha mpamonjy fanahy anao dia ny hitondra ny olona avy any amin'ny helo ho any an-danitra! Fantaro anio fa teraka ianao mba hamonjy fanahy!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Mandeha any amin'ny tanàna misy ahy aho, ny toeram-piasako, mba hamonjy fanahy ho an'i Jesosy! Azoko tsara ny andraikitro ankehitriny; ny asako manontolo dia mamonjy fanahy ankehitriny sy mandrakariva. Voninahitra anie ho an'Andriamanitra.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Jakoba 5:20

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Josoa 19-21



**Lioka 10:19 (KJV)**
**Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo hianareo, ka tsy hisy hampaninona anareo akory**

Mety ho fohy, kely, lava, na inona na inona heverinao ho salantsalany ny olona iray dia miankina amin`ny tsiriaray ny fijery izany. Na izany aza, ny fahefana dia marina ary tsy miankina amin`iza na iza! Tsy misy fifanoherana na ady hevitra rehefa aseho ny fahefana. Amin'izao andro farany izao, dia mila maneho ny herin'Andriamanitra isika, izay handrava ady hevitra sy filozofia tsy misy dikany. Ny Fiangonana amin'izao andro izao dia tokony ho fakan-tahaka amin'ny fahefana ahafahan'ny rehetra mahita fa i Jesosy no Tompo.

Mety ho noho ny tsy fahaizanao mampiasa fahefana ve no mahatonga ny olana miverimberina eo amin`ny fiainanao? Sao dia efa ninia manafika anao ny fahavalo satria tsy fantatrao hoe iza ianao? Asongadina ao amin'ny Efesiana 5:30 ny toerana misy anao ao amin'i Kristy: "Fa momba ny tenany isika, dia ny nofony sy ny taolany." Avelao hanasa anao tsara izany teny izany. Rehefa mandeha ianao dia mandeha Jesosy; rehefa miteny fiainana ronono sy tantely ianao dia miteny izany koa i Jesosy. Ao amin'i Kristy ny fiainana iainanao ankehitriny. Kristy ao anatinao, fanantenana ny voninahitra!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Manana hery handresena ireo sakana tonga amiko aho. tsy matahotra aho; Izaho dia olona goavana ao amin'ny tontolon`ny Fanahy. Rehefa mihetsika aho dia mihetsika i Kristy. Ny fiainako dia fiainana tsara indrindra! Amena!**

**FIANARANA FANAMPINY**
Marka 16:18

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Josoa 22-24



**1 Samoela 9:3 (KJV)**
**Ary very ny borikivavin'i Kisy, rain'i Saoly. Dia hoy Kisy tamin'i Saoly zanany: Mitondrà zatovo anankiray hanaraka anao, dia miaingà, ka mandehana hitady ny boriky**

Teo amin'ny Isiraely, ny boriky dia maneho fanjakana tsy manam-pahataperana. Izany no nahatonga an'i Jesosy nitaingina ampondra tamin'ny fidirany tamim-pandresena tao Jerosalema. Rehefa mamaky bebe kokoa ny tantara ao amin'ny soratra masina ianao, dia hahita fa i Saoly no voahosotry ny Mpaminany Samoela ho mpanjakan'ny Isiraely voalohany. Ny toe-javatra nitranga tamin`ny ampondra no nahatonga an'i Saoly tafiala tao amin'ny anjara voatendriny ho mpanjakan'ny Isiraely. Ny olana nipoitra tsy nampoizina tao amin'ny orinasanao sy ny fianakavianao dia fantsona hanitarana ny ara-bolanao.

Izay rehetra mitady hanimba anao, amin'ny faran'ity volana ity dia atsahatra ny asany. Aoka izay zavatra tsy ampy eo amin'ny fiainanao hipoatra ankehitriny amin'ny anaran'i Jesosy! Tsy hisy fahatarana intsony ny fijoroana vavolombelon`ny ronono sy tantely! Esorina tsy ho eo amin'ny fiainanao ny fijanonana amin`ny ambaratonga iray ary manomboka zava-baovao indray ianao izao. Ny Egyptiana hitanao anio, dia tsy ho hitanao intsony; Avelao ny mpanjaka ao anatinao hisandratra. Ho azo antoka ny fijoroanao vavolombelona, ary ny famirapiratan'ny ambaratonganao manaraka dia hamirapiratra ho hitan'ny rehetra.

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Natao hanjaka aho; tsy misy olana hisintona ahy hidina. Miaina fiainana mpandresy aho! Tahiana aho rehefa mivoaka sy miditra; Mpitondra vaovao mahafaly aho! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Mpitsara 5:10

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Mpitsara 1-2



**Apokalypsy 2:4 (KJV)**
**Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany hianao.**

Rehefa tena te ho AFO ho an'Andriamanitra ianao dia mila manana hanoanana. Ao anatin'ny hanoanana no mahatonga ny afo hirehitra avy ao anaty. Rehefa misy mosary dia lasa mora mahatsapa ny bitsiky ny Fanahy Masina ianao. Mety hoe rehefa mipetraka irery ao amin'ny efitranonao ianao dia misy vesatra ho amin'ny fanompoana tonga aminao Na izany aza, raha tsy mirehitra ianao, dia mety hanao an-tsirambina izay nolazain'ny Fanahy Masina taminao ka hanamaivana izany, hanemotra izany. Miteny mazava aminao ny Fanahy Masina, fa raha tsy misy hanoanana dia tsy afaka mandrehitra afo ianao!

Hampiasain'Andriamanitra ny lehilahy sy vehivavy manana hanoanana. Sahy mihantsy ny fomba fanao izy ireo ary tsy mivadika amin'Andriamanitra na inona na inona mitranga! sahala amin'ireo zazalahy Hebreo telo lahy izay niteny hoe: 'Ry mpanjaka ô, tsy hiankohoka eo anatrehan'ny sarivongana volamena izahay, raha tsy mamonjy anay Andriamanitra amin'izao raharaha izao, dia tsy ho resin'ny faneren'izao tontolo izao izahay; ary na dia ho faty aza izahay, dia tsy manan-kambara amin'izany zavatra izany," ary tonga namonjy azy ireo Andriamanitra. Avelao hitombo ny hanoananao amin`ny zavatr'Andriamanitra, dia ho fitambarana tonga lafatra ny ronono sy tantely ny fiainanao!

## FANAMBARANA ARA-PAMINANIANA

**Manana faniriana hampianatra firenena aho. Tsy manana safidy aho afa-tsy ny manaraka haingana sy tsy misy hatak'andro ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Mirehitra aho, deraina ny Tompo! Amena.**

**FIANARANA FANAMPINY**
Matio 24:12

**FAMAKIANA BAIBOLY AO ANATIN`NY 365 ANDRO**
Ny soratra masinao anio: Mpitsara 3-5

GoodNews DAILY




SUBSCRIBE TO OUR YOUTUBE CHANNEL

WWW.GOODNEWSWORLD.COM/GOODNEWSDAILY


GoodNews DAILY
Become a
GoodNews DAILY
PARTNER
PARTNER NOW AND HELP SPREAD
THE GOODNEWS AROUND THE WORLD
VISIT www.goodnewsworld.com/ gndpartner

# SORATRA MASINA HO AN`NY FIAROVANA

## ISAIA 54

14 MIJORO TSARA AHO, AMIN`NY FAHAMARINANA NO HAMPIORENANA AHY. LAVITRY NY FAHORIANA- TSY HATAHOTRA NY FAMPITAHORANA AHO- TSY HANAKAIKY AHY AKORY IZANY!

15 NA DIA MISY MIARA-MIOKO AZA, DIA TSY ERITRERITRA AKORY NA DIA IRAY SEKONDRA AZA AHO FA AVY AMINAO IZANY; ARY NA IZA NA IZA MIARA-MIOKO HAMELY AHY DIA TSY HAHATRATRA AHY AKORY IZANY

16 ANDRIAMANITRA NO NAHARY NY MPANEFY IZAY MIFOFOTRA NY AFO AMIN`NY ARINA KA MAHAVITA FIASANA HANAOVANY NY ASANY; ARY IZY IHANY KOA NO NAHARY NY MPANDRINGANA MBA HANDRINGANA

17 NY FIADIANA REHETRA HAMELEZANA AHY DIA TSY MBOLA VOAFORONA AKORY. NY LELA REHETRA IZAY MIADY AMIKO DIA HORESENA LAHATRA. IZANY NO LOVAN`NY MPANOMPON`I JEHOVAH SY FAHAMARINANY AVY AMIKO, HOY JEHOVAH

IZANY NO TENIN`ANDRIAMANITRA HO AHY ARY MAHOMBY IZANY TENY IZANY, AMIN`NY ANARAN`I JESOSY!

TRANSLATED FROM THE MESSAGE BIBLE IN ENGLISH



# EFA NANDRAY AN`I JESOSY KRISTY VE IANAO?

MANASA ANAO HANDRAY AN`I JESOSY KRISTY
HO TOMPON`NY FIAINANAO EO AM-PANAOVANA ITY VAVAKA ITY;

"TOMPO ANDRIAMANITRA O, TONGA ETO AMINAO AHO AMIN`NY ANARAN`I JESOSY KRISTY. MINO AMIN`NY FOKO MANONTOLO AHO FA JESOSY KRISTY NO ZANAK`ANDRIAMANITRA. MINO AHO FA MATY HO AHY IZY ARY ANDRIAMANITRA NANANGANA AZY TAMIN`NY MATY. MINO AHO FA VELONA IZY ANKEHITRINY. AMBARAKO AMIN`NY VAVAKO FA JESOSY KRISTY NO TOMPON`NY FIAINAKO MANOMBOKA ANDROANY. AMIN`NY ALALANY SY AMIN`NY ANARANY, DIA MANANA FIAINANA MANDRAKIZAY AHO; NATERAKA INDRAY AHO ANKEHITRINY. MISAOTRA TOMPO O, NAMONJY NY FANAHIKO! ZANAK`ANDRIAMANITRA AHO ANKEHITRINY. ALELOIA!"

ARABABAINA! ZANAK`ANDRIAMANITRA IANAO IZAO

UK: +44 3333 448 612
USA +1 240 781 6942
RSA +27 51 004 0209

WWW.UEBERTANGEL.ORG | WWW.GOODNEWSWORLD.COM

TheGoodNewsWorld Helplines

USA: +1 (240) 781-6942

UK: +44 333 344 8612

RSA: +27 (51) 004-0209

www.goodnewsworld.com